# Ahoana no fomba fitoriana Filazantsara amin'ny ankizy

Michèle Brugnoli

Dikan-teny malagasy: Razafindrakoto Tovonirina Serge

# Fisaorana

Isaorako feno ireo olona rehetra izay nandray anjara tamin’ny fanatanterahana ity asa soratra ity, indrindra ramatoa isany Nathalie Araujo, Claire-Lise de Benoit, Paul Gilliéron, Wendy Hanna, Manon Siegenthaler, Jacqueline Schwerzmann, Danièle Stalder, Denise Yapoudjian ary andriamatoa Marc Walter.

Tena nitondra vokatra ity fiaraha-miasa ity.

# Ambangovangony

Sasin-teny

1. Ny fahazazana, fotoana idealy
2. Mitondra ny ankizy ao amin'i Kristy
3. Miara-miaina lesona iray
4. Andao hamorona tantara
5. Andao harafitra ny lesontsika
6. Andao hanomboka klioba

Taratasy ho an'ny mpamaky

# Sasin-teny

Ato amin'ity boky fianarana tsotra, mazava ary azo tsapain-tanana ity, ny mpanoratra dia manome torolalana pratika ho fanombohana fanompoana eo anivon'ny ankizy. Fanompoana izay matetika atao ambanin-javatra eo anivon'ny fiangonana sy fikambanantsika.

Any amin'ny firenena andalam-pandrosoana, ny ankamaroan'ny mponina dia latsaky ny 15 taona. Ho an'i Eropa, izay efa zary lasa jentilisa, ho fitoriana filazantsara dia mila mikendry ny ankizy izay ho eo amin'ny toeran'ny mpitondra afaka taona vitsy.

Enga anie hanetsika antso vaovao ny pejy ao amin'ity boky ity! Enga anie ihany koa hanampy ireo izay efa manao asa fanompoana hitombo amin'ny fampitana amin'ny fomba kanto amin'ny taranaka vaovao rehetra ny Filazantsaran'ny voninahitry ny famonjena ao amin'i Jesosy Kristy ireo pejy ireo.

Claire-Lise de Benoit,
mpampianatra sy mpanoratra.

# Fizarana voalohany
# Ny fahazazana, fotoana idealy

### Fotoana handraisana valim-bavaka

Tany Bénin no nihaonako tamin'i Serge, Afrikana kely iray folo taona. Ny hariva, taorian'ny hafatra fitoriana filazatsarana dia nanatona ahy izy nangataka mba hivavaka ho an'ny masony mamoro-nana sy misy mikraoba. Tsy misy zava-doza toy izany hoe lasa jamba any amin'ny firenena andala-pandrosoana! Midika ho fiatrehana ny hoavy amin'ny fahantrana sy ny fangatahana izany. Sady tsy mpitsabo mpanampy aho no tsy nanana fanomezam-pahasoavana manao fahagagana, saingy ny finoan'ilay zaza no hany azoko nianteherana. Satria izy vao avy nihaino ny filazantsara dia nanolo-kevitra azy aho ny hametraka ny tanany eo amin'ny masony bongo sady hiteny hoe: "Misaotra Jesosy!", ary hanao toy izany indray rehefa mifoha.

Ny ampitso, tao anatin'ny ankizy maro be mikotaba dia nahita iray aho izay toa tena feno fifaliana. Nanatona izy; Serge kely ilay zaza, tsy fantako mihitsy izy fa tena miramirana tokoa. Nambarany tamiko ny fahasitranany, ary tsy hadinoko mihitsy izay nambarany nanao hoe: "Tsara fanahy Jesosy!" Niaraka nivavaka taminy aho mba handraisany an'i Kristy; tena nataony ho zava-dehibe taminy ny nanolorany ny fianany ho Azy! Manana fahafahana hanatona an'Andriamanitra amin'ny fomba tsy miolakolaka ny zaza. Moa tsy izany ve no tena atao hoe finoana?

### Fotoana hahavoavonjy

Nisy nanontany ny isan'ny olona niova fo nandritra ny hetsika farany nataony ilay mpitory filazantsara iray atao hoe Moody. Ny valinteniny nanao hoe "Roa sy tapany" dia tena niteraka fisalasalana tamin'ny rehetra. Raha nanontaniana ny amin'ilay *fiovam-po tapany* izy dia nanazava fa olon-dehibe iray sy ankizy roa no niova fo. Ny olon-dehibe tsy hanome ho an'i Kristy afa-tsy ny ambin'ny andro iainany. Efa nolaniany ho azy samirery ny ampahany voalohany. Ireo ankizy kosa, etsy an-daniny, hanokana ny fiainany manontolo ho an'i Kristy. Ny safidy mahakasika ny fianaran'izy ireo, ny asany, izay ho vadiny dia hiorina eo ambony vatolampy.

Hitan'ity mpitory filazantsara ity ny herim-po ananan'ny ankizy. Azony ny hevitry ny tenin'i Jesosy manao hoe: "Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin'ireny madinika ireny ianareo; fa lazaiko aminareo: Ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan'ny Raiko Izay any an-danitra. Fa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy hamonjy ny very.»[1] Mampatsiahy antsika ny epistily ho an'ny Hebreo fa ny anjely dia "… fanahy manompo, nirahina hanao ny fanompoana ho an'izay handova famonjena?"[2]

Tsaroako ilay zazalahy kely silamo 11 taona, nipetraka tany Burkina Faso. Tamin'alahelo lehibe no nanazavany tamiko nanao hoe: "narian'ny olona ny lalana mankany amin'Andriamanitra." Ao amin'ny fivavahany dia tena alavitra loatra

[1] Matio 18.10-11
[2] Hebreo 11.14

Andriamanitra. Eny, ny ankizy dia afaka hahatsapa ho very, alavitra an'Andriamanitra, ary tena mety ho voakasika lalina.

Ao amin'ny klioba ho an'ny ankizy izay tantaniko any Lausanne, tena taitra mafy aho nanoloana ny fanamari-hana mifono fahavetavetana nataona zazalahy kely fito taona. Raha adolantsento no niteny azy, tsy dia nanaitra ahy loatra; saingy fa dia nahoana no ahafahana zaza lahy kely miteny zavatra mamoafady toy izany? Rehefa nieritreritra aho dia heveriko fa mety nanana fahafahana nijery horonan-tsary mamoafady izy. Ho an'ny zaza toy izany no nahatongavan'i Jesosy: "Ahoana no hevitrareo? Raha misy olona manana ondry zato, ka mania ny anankiray, moa tsy hamela ny sivy amby sivi-folo eny an-tendrombohitra va izy ka handeha hitady ilay nania? Ary raha tàhiny hitany izy, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa mahafaly azy iny noho ny sivy amby sivi-folo izay tsy nania. Ary tahaka izany, dia **tsy sitraky ny Rainareo Izay any an-danitra, raha ho very na dia izay aza amin'ireny madinika ireny.**"[3] Ny famintinana io fanoharana io sy ny lahatsoratra mialoha azy dia maneho fa mety ho isan'ny ondry very ihany koa ny ankizy.

Mahakasika izany indrindra, Isaia mpaminany raha nanambara mahakasika ny Mpamonjy dia manome antsika zavatra hosaintsainina tena mahaliana. "Ary noho izany dia ny Tompo no hanome famantarana ho anareo: Indro, hanan'anaka ny virijina ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany hataony hoe Imanoela (Amintsika Andriamanitra). Rehefa mahalala handà ny ratsy sy hifidy ny tsara izy, Dia rononomandry sy tantely no ho fihinany."[4] Araka io lahatsoratra io, amin'ny fotoana hisarahana nono no manomboka ny fotoana hahalalana ny tsara sy ny ratsy. Tamin'ny fotoan'andro dia maharitra ela vao sarahana nono ny zaza. Vatany vao misafidy an-tsitrapo hanao zavatra ratsy ny zaza iray dia efa mila Mpamonjy izy. Jesosy, Imanoela irery ihany no nandà ny ratsy fa nisafidy ny tsara, nankato tamin'ny fomba tanteraka hatrany Izy. Izy irery ihany no afaka hamonjy ny olombelona amin'ny fironana mikiky azy hanohitra ny làlan'Andriamanitra. Tsara raha atao aloha araka izay azo atao ny fanamba-rana aminy ny Filazantsara.

### Fotoana hitahiana

Mahagaga fa ny mpianatra no voalohany nijoro ho sakana nanelanelana an'i Jesosy sy ny ankizy. Nihevitra izy ireo fa nanao fanompoana ho an'ny Tompo tamin'ny fiarovana Azy amin'ny fitsofotsofohana manelingelina nataon'izy ireo. Tao anatin'ny hafanam-pon'izy ireo ihany koa no nanamelohany ny ray aman-dreny. Saingy tafitohina ny Tompo ka niteny hoe: "Avelao ny zaza, ary aza rarana tsy hanatona Ahy."[5]

Fa nahoana izy ireo no nanao fihetsika toy izany? Tsy mbola nahakasika azy ireo ve ny teny vao avy nambaran'i Kristy nanao hoe: "Ary na zovy na zovy no handray zazakely anankiray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy."[6] Zavatra iray ny maheno ary zavatra iray hafa ny mahazo; mifanohitra tanteraka amin'ny kolontsain'izy ireo ilay hafatra! Tao amin'ny fiarahamonina jiosy tamin'ny fotoan'andro

---

[3] Matio 18.12-14
[4] Isaia 7.14-15
[5] Matio 19.14a
[6] Matio 18.5

mantsy, ny ankizy dia voasokajy ho ambany. Tsy azo eritreretina mihitsy ny hamelana azy ireo hanelingelina ny Mesia izay olona tena manan-danja! Saingy, ity farany kosa namihina azy ireo ary nanokana fotoana hitahiana azy ireo.

**Fotoana hanoloran-tena**

"Ianareo manana ny zavatra rehetra, fa any Afrika, ny ankizy sasany tsy manana n'inon'inona; ampahorian'ny hanoanana izy ireo ary zara raha mitafy." Tamin'ny faha valo taonako dia tafitohina tamin'ny tenin'ny mpiandraikitra ny katesisma ao aminay ao; fa nahoana aho no manana ny zavatra rehetra, nefa ny sasany tsy manana n'inon'inona? Nampanatena aho, fa rehefa lehibe dia handeha hanampy azy ireo. Nandeha ny fotoana dia hadinoko ny fampanantenako… Sahirana kokoa tamin'ny fahombiazan'ny fianarako sy ny safidy mahakasika ny asako aho. Saingy fotoana fohy nialoha ny fanadinana farany dia nampatsiahivin'Andriamanitra fa na dia nataoko an-jorom-bala aza Izy nandritra ny naha-adolantsento ahy, dia tia ahy hatrany Izy. Na teo aza izay rehetra mety noteneniko na nataoko dia nantsoiny hiverina aminy aho.

Sivy volana taty aoriana, nandeha nanao dia misionera tany Afrika aho! Tena gaga ny manodidina ahy; tsy mifanaraka amin'ny toetrako izay tsy tia mivoaka ny trano izany! Io no fiantombohan'ny dia marobe tao anatin'io kaontinanta lehibe io izay nianarako niara-niasa tamin'ny kely sy lehibe. Tamim-pifaliana no nanofanako mpiandraikitra ankizy an-jatony tany sy nanombohako klioba ho an'ny ankizy niaraka tamin'izy ireo tao amin'ny firenena am-polony, izay tena nandray anjara betsaka tamin'ny fampivelarana ny asako tany Soisa sy tany Frantsa.

Tsy hadinon'Andriamanitra ny fampanantenana miafina nataoko tamin'ny faha valo taonako. Na dia tsy noeritre-retiko aza ny lalana nodiavina dia nifanaraka kosa tamin'ny hery tsy ampoizina natory tao anatiko tao. Fantatr'Andriamanitra fa raha manasa Azy hanjaka eo amin'ny fiainako aho, Izy kosa hanampy ahy hihoatra ny fetrako rehetra.

Eny, mahafaly ny Tompo rehefa manana hevitra ijoroany ny ankizy. Io no fotoana idealy, satria amin'io taona io dia misafidy ny hanaraka lala-mahitsy izy ireo alavitry ny tombontsoa feno fitiavan-tena rehetra. Hitan'Andriamanitra ny hery miafina ao amin'izy ireo, fa moa hitan'ny olon-dehibe ve izany?

**Fotoana hanaovana fampiasam-bola**

Amin'izao fotoana izao dia manao ezaka manokana izahay ho an'ireo ankizy tonga eo anivon'ny fiangonanay. Manokana fotoana, hery, vola ho azy ireo izahay. Ny olana dia isan-jatony faran'izay kely amin'ny ankizy ihany izy ireo. Ilay teny malaza manao hoe "avelao ny zaza hanatona Ahy" ve natokana ho an'ireo izay efa ao anaty valan'ondry? Moa tsy mazava ve ilay baiko farany nambaran'ny Tompo manao hoe "Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo; ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra."[7]

---

[7] Marka 16.15

Inona ary no fanoloran-tenantsika manoloana ireo ankizy izay ivelan'ny fiangonantsika? Moa mba homen-tsika fahafahana handre ny Filazantsara ve izy ireo?

**Ny fomba fitantanantsika ny volantsika** dia maneho amintsika ny fironan'ny fontsika. Mitaky hoenti-manana ny fitoriana Filazantsara amin'ny ankizy: fanamafisam-peo, fanofana efitrano, literatiora, fitaovana ho enti-mampianatra… Ny zavatra tsapako, araka ny ohatry ny mpianatra dia maro ny manda tsy hampiasa vola rehefa ny ankizy no resaka; saingy, rehefa mahakasika ny lehibe, na mitovy aza ny asa atao dia misy fanapahan-kevitra raisina.

Toa tsy dia mahasarika loatra ny mampiasa vola ho amin'ny famonjena ny ankizy ivelan'ny fiangonana. Tsy mitondra ampahafolon-karena izy ireo na rakitra, tsy vitan'izany fa ho zary lasa enta-mavesatra izy ireo! Fanampin'izay, na dia miova fo aza izy ireo… tsy manana fahefana handray fanapahan-kevitra izy ireo, tsy mifidy izy ireo, tsy manana lanja na inona na iona eo amin'ny fiarahamonina. Tsy ambara amin'ny fomba mivantana izany fisainana izany, saingy ny tsy fisian'ny teti-bola dia maneho tsy fahalinana mahakasika azy ireo. Raha fintinina, tsy dia misy tombony loatra izany. Saingy…

### Fotoanan'ny fanamby lehibe

*Raha tsy mandray an-tanana ireo ankizy tsy kristiana isika, dia izy ireo no handray an-tanana ny zanantsika!* Tokony hanaitra ny mpiandrakitra sy ny ray aman-dreny izany fomba fijery izany. ***Iza*** no mitondra fiatraikany indrindra eo amin'ny zaza 12 taona? Tsy iza fa ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra. Eny, dia iza ihany koa? Tsy iza fa ny namany! Manana filana tsy azo ialana ny adolantsento dia ny fahatsapana fa eken'ny vondrona. Tsy maintsy miakanjo, miteny, misaina ary miana miaraka sy tahaka ny hafa izy. Iza no mpamolavola ny fisainan'io tontolo io? Ny haino vaky jery, ny lamaody, ny vondrona "rokc-rap-techno-sy ny namany"…Indreto misy fenitra izay heverina ho marina eo amin'ny lafiny ara-piarahamonina izay mandrodana ny finoan'izy ireo:

- Kristiana ve? Vendrana, fanehoana fahantrana ara-tsaina. Ny olona donto ihany afaka hanaiky ny tantaran'ny Genesisy, raha ny mpampianatra rehetra miara-manohana ny petrakevitry ny "big bang".
- Mitoetra ho mahatoky amin'izao fotoana izao ve? Natokana ho an'ny kanosa izany, ho an'ireo izay tsy mba afaka hahita ny anjara masoandrony.
- Maharaka? Manana sipa ary mirotsaka amin'ny firaisana ara-nofo.
- Milay? Mifoka sigara![8]

[8] Any Soisa, ny fifohana zava-mahadomelina dia nitombo avo efatra heny tao anatin'ny 12 taona (antontan'isa navoakan'ny Institut Suisse de prévention de l'acloolisme et autres toxicomanies).

Tsy mahagaga raha ny antsasaky ny tanora kristiana dia mandao ny fiangonany[9]. Ao anatin'ny fiarahamonina izay zary mifanohitra amin'ny finoana avokoa ny marika rehetra no iainan'izy ireo.

Tamin'ny taonjato faha 19 dia nisedra krizy ara-toekarena tena henjana ny Anglisy; noravaravan'ny fimamoana, fivarotan-tena ary tsy fananan'asa ny fireneny. Tao anatin'izany fisafotofotoana izany, William Booth, mpanorina ny fikambanana "Armée du Salut" dia nanao antso avo nanao hoe: "Ny zava-dehibe indrindra dia ny ankizy, satria izao tontolo izao rahampitso dia ho volavolain'ny ankizy ankehitriny."

Raha mikatsaka ampitso tsy misy sida, zava-mahadomelina, asa fampihorohoroana isika dia anio no fotoana fanomanana izany. Saingy ahoana no fomba hiatrehana izany fanamby lehibe izany raha ny fampianarana sekoly alahady aza manahirana antsika?

**Fotoana hanafihana**

Ilay mpitory Filazantsara antsoina hoe Bill Wilson, mpiandraikitra fiangonana ahitana ankizy miisa 24 000 dia manasa antsika mba "hanafika ny naman'ny zanantsika alohan'ny hanafihany ny zanantsika". Raha atao amin'ny teny hafa dia mila alefatsika mialoha ny antsika: andeha hitoriana ny Filazantsara ny naman'ny zanatsika alohan'ny hitaoman'izy ireo ny zanantsika hiala amin'ny finoana. Miankina aman'aina izany zavatra izany ho an'ny fiangonana.

Teny am-pandehanana hitory ny Filazantsara tany amin'ny lalana mangina sy misy olon-dratsy tany Bronx any New York, toerana izay tsy anononana ny anaran'Andriamanitra raha tsy rehefa manozona, i Bill Wilson dia naneho ny mampitombina ity tetikady ity. Koa satria moa ny ankamaroan'ny ankizy dia any ivelan'ny fiangonana, dia natoniny tany amin'ny toerana niainany izy ireo, izany hoe teny an-dalam-be; eny amin'ny tany malalaka, tany anivon'ny kartie nisy azy ireo! Ny hafatra tsy misy fifampiraharahana nentiny izay nanameloka ampahibemaso ny ratsy dia tena nanohina ny fon'izy ireo. Nahitana fahombiazana tsy mampino ny fanompoana natao nandritra ny 20 taona tao amin'ny tontolon'ny zava-mahadomelina sy ny fivarotan-tena. Nohamarinin'ny polisy sy ny manam-pahefana fa maro ny tanora no sahy niala tamin'ny herisetra sy ny fahazoam-bola tsy misahirana![10] Na dia teo aza izany ohatra izany dia mbola maro ny kristiana no miahotra manoloana ny fitoriana ny Filazantsara amin'ny ankizy. Ho an'ny sasany, ny fitoriana aminy ny Filazantsara dia fomba ankolaka hametsifetsena azy ireo. Saingy ny tsy fanaovana n'inon'inona dia fitaka. Inona no miseho rehefa tsy karakaraina ny zaridaina? Afaka fotoana fohy dia ho lasa tany lava volo izy, hoy ny fanamarihan'i Claire-Lise de Benoit… Raha tsy mamafy ny voa tsara isika dia hiroborobo ny ahidratsy. Ny tsy fanaovana n'inon'inona manoloana ny taranaka mikatsaka ny soatoavina marina dia manolotra azy ireo ho eo ampelantanan'ny andriamanitra-vola, andriamanitra-fitaovam-pananahana, andriamanitra-zava-mahadomelina, andriamanitra-fahadi-soam-panantenana[11]. Tsy zontsika fotsiny ny manambara mahakasika an'i Kristy fa tena adidintsika mihitsy! Ny

[9] Fanadihadiana mahakasika ny tanora mihoatra ny 15 taona avy amin'ny tontolo evanjelika.

[10] Raha te-hahalala misimisy kokoa ianareo, vakio ny dingana mahavariana nolalovany ao amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe: "A qui appartient cet enfant? (Editions JEM)

[11] Ny famonoan-tena no antony faharoa mitarika fahafahatesana eo amin'ny tanora any amin'ny firenena Soisa.

teoria manao hoe “aleo aoriana kely” dia mitovy amin’ny hoe “tara loatra!” Mba hanaovana safidy mitombina tsara dia mila ampahafantarina ny ankizy. Ahoana moa no ahafahany mandray fanapahan-kevitra raha tsy ampi-haonina amin’ny Filazantsara izy? Ny tena fametsifetsena dia ny tsy fanambarana aminy na fitoriana amin’ny afa-tsy soatoavina ara-moraly, izay matetika hadino fa raha tsy misy fahaterahana indray dia tsy misy heriny ireny soatoavina ara-moraly ireny.

**Fotoana handraisana azy ireo am-pahamatorana**

Raha mitady tetik’ady hanatrarana ireo ankizy eo ivelany isika dia mila manana tetik’ady mifanindran-dalana aminy ho an’ireo izay eo anivon’ny fiangonantsika. Amin’ny alalan’ny andraikitra maha-mpitandrina eo anivon’ny tanora azy, Dale Kauffman dia isan’ireo tena nahomby tamin’ny fitondrana fifohazam-panahy tany amin’ny faritra andrefan’i Etazonia. Izy teo amperin’asa iny indrindra no nasain’ny Tompo nametra-pialana, ary dia nankato izy! Andriamanitra aloha vao ny fanompoana, na toa inona na toa inona ny fahombiazany. Diso fanantenana ireo mpiara-miasa taminy. Nahatsapa tena ho nivadihana ny sasany.

Vao maika nitombo ny tsy fahazoan’izy ireo ny zava-misy rehefa fantatr’izy ireo fa hifantoka amin’ny fanaraha-maso ny sekoly alahady i Dale… Nihemotra ve izy noho ny fahadisoana miafina nataony, sa trotraka izy noho ny vesatry ny andraikitra? Tsy nataon’i Dale ho zava-dehibe ny resaka mandeha, tam-pahatokiana no niandrasany handray ny tari-dalana avy amin’ny Tompo.

Nanomboka tamin’ny fampianarana ny ankizy maha-kasika ny fihainoana ny feon’Andriamanitra izy, tsy ela dia nanova tanteraka ny fiainam-bavak’izy ireo izany. Notarihiny tao amin’ny tontolo vaovaon’ny fiderana ihany koa izy ireo, avy eo ny fivavahana ho an’ireo izay mbola very. Vetivety dia nanana faniriana hitory ny Filazantsara ny ankizy, satria sarotra ny mivavaka ho an’ny fiovam-po raha tsy mirotsaka an-tsehatra mihitsy.

Toy izany no nanombohan’ny fanompoana tamin’ ny firenena maro antsoina hoe “King’s Kids” (Zanaky ny Mpanjaka) na Fabricants de Joie (FJ, Mpanamboatra fifaliana). Ankehitriny, io hetsika io dia mitarika ankizy sy adolantsento mihoatra ny 110 000 isan-taona amin’ny alalan’ny hetsika maro samihafa sy amin’ny endriny samihafa izay maneho ny fitiavana maimaim-poana izay an’Andriamanitra. Nirotsaka an-tsehatra amin’ny fomba manokana avokoa ny ankizy ***rehetra*** ary tonga mpiara-miasa amin’i Kristy.

Any Togo, ny ekipan’ny FJ (Fabricants de Joie, Mpanamboatra fifaliana) dia nivavaka mba hahazo fiara ho amin’ny fivoahana hataon’izy ireo mandritra ny dimy herinandro. Raha iny izy handeha ho any amin’ny toeram-pilomanosana iny dia nahatsikaritra fiarabe fitanteran’ olona tena tsara mahazaka olona 52, nijanona teo anoloan’ny hotely ity zazavavy kely fito taona. Resy lahatra izy fa io fiara io no tena mety hitanterana ny mpiara-dia aminy miisa 50 hatrany Mali, tapakevitra izy ny hangataka azy io amin’ny Tompo. Navelan’ireo ray aman-dreniny hivavaka izy, na dia mihoatra lavitra ny teti-bola kelin’ny ekipa aza ny fanofanana io fiara io ary tsy nisy tamin’ny mpamily no nanana fahazoan-dalana mitondra fiara fitanteran’olona. Nanao

fanadihadiana izy ireo ary fantatra fa an'ny anjerimanontolo (université) ilay fiara be fitanteran'olona. Najain'izy ireo ny finoan'ny zanany vavy tamin'ny fametrahana fangatahana teo anivon'ny ministera voakasika… Nandeha teny ny andro fa tsy nahita fitaovam-pitanterana mihitsy: tokony ho foanana ve ny dia? Tsy kivy ilay zazavavy kely fa nanohy nangataka tamin'ny Tompo, maraina sy hariva. Nino izy, fa io fiarabe fitanteran'olona io no natokana ho azy ireo. Ny alina mialoha ny fiaingana, tonga ny valim-bavaka. Nampin-dramina azy ireo malalaka nandritra ny 5 herinandro miaraka amin'ny mpamily ilay fiarabe fitanteran'olona! Tamin'ny fiangan'izy dia môtô nentin'ny polisy no nisava lalana ireo ankizy izay tsy nety tonga saina ny amin'ny zavatra niseho!

Ny traikefa toy izany dia maneho fa vavolombelona feno faharesen-dahatra ny ankizy, saingy matetika lavina. Any Frantsa, amin'ny fotoana anaovan'ny ekipa hetsika mandritra ny seho mozika rock atao hoe "Printemps de Bourges" dia misiotsika sy mihorakoraka azy ireo ireo mpankafy ity karazana mozika ity, mandritra ny fotoana anaovan'ireo ankizy fito sy valo taona sora-dihy. Notohizan'ny ankizy ihany ny dihy nataony saingy sady latsa-dranomaso izy ireo. Natsahatry ny mpiandraikitra ny fanamafisam-peo ary nangoniny ny ekipa keliny.

Natahotra ve ianareo?

Tsia, fa nampalahelo anay ny nahita ny nandavan' izy ireo an'Andriamanitra.

Tena mahavariana ny fiantran'ireo ankizy; nanana ny fon'Andriamanitra izy ireo ho an'izao tontolo izao izay very. Omeo sehatra izy ireo hanolorany tena sy hakany ny toerany toy ny tena mpianatra. Fotoana mety izao! Tahaka ireo mpiara-miasa aminy miteny frantsay, ny telo ampahefatry ny misionera miteny anglisy dia niova fo tamin'ny fahazazany.

# Fizarana faharoa

# Mitarika ankizy ho ao amin'i kristy

Raha te-hamonjy ny olona ***rehetra*** Andriamanitra[12], dia rariny ny fiandrasana fiovam-pon'ny ankizy; *tsy nombohana tamin'ny hazo fijaliana Kristy mba handaniantsika ny tapany voalohany amin'ny fiainantsika eo ambany vahoan'i Satana.*

**Manomana ny asa**

Ohariko matetika amin'ny vaingan-drano mandry lehibe milentika anaty ranomasina hatramin'ny sivy ampahafolon'ny habeny ny asa fanomanana. Ny fanom-poana ivelany (kilalao, hira, tantara, saribakoly mihetsi-ketsika…) no ilay iray ampahafolony hita maso izay hihazakazahan'ny ankizy amin'ny fanantenana ny hahita fitiavana sy fiainana misy fifaliana. Ny mampahomby ny asa dia ireo ora maro natokana hivavahana sy ny fanomanana izay tsy hitan'ny mason'ny ankizy sy ireo izay tsy mahalala mahakasika io asa io. Rehefa mivavaka ho amin'ny famonjena ny ankizy isika, Andriamanitsika kosa maneho amintsika fa tena marefo sy tsy manana n'inon' inona izy ireo raha tsy manana an' Andriamanitra. Hampitainy amintsika ny hafanam-pony manoloana azy ireo; io hafanam-pon' Andriamanitra io no hitarika antsika hitondra hafatra mazava sy feno ho azy ireo.

Ny mpahandro sakafo rehetra dia mahalala, fa ny hena manta tsy mahasarika noho ny hena nobataina avy eo ambony afo. Ny vavaka dia toy ny afo izay mahatonga ny sakafom-panahy mampilendalenda. Saingy ampahany ihany amin'ny fanomanana ny vavaka. Mpitandrina sy mpampianatra iray antsoina hoe Maurice Ray dia nilaza izao: "Ao amin'ny hafatra iray dia 10% ihany no aingam-panahy fa ny 90% dia fitsembohana amin'ny alalan'ny asa!" Mandritra ny fotoana hanomanana no anomezan' Andriamanitra antsika ny fanalahidiny, ny valin'ny vavaka natao ary ny fampitandremana ho amin'ny tetik'ady mahomby.

**Ny herin'ny vavaka**

Nandritra ny fitoriana Filazantsara naharitra herinandro tany Lyon dia nivavaka ho an'ny ankizy tao amin'io tanana io ny ekipa kelinay avy amin'ny Jeunesse en Mission (JEM Tanora Mpanefa Iraka). Nisy zazavavy kely iray nahazo tolo-tsaina. Toa hitany miady mafy izany ireo ankizy, toy ireny mitsambikina anaty ranomasina mamanala ireny izy ireo. Ny sasany milentika, ny sasany mikikika, miezaka milomano manatona ny famonjena aina.

Raha vao tonga teny amin'ny toerana izahay dia nahita ankizy avy any amin'ny faritra avaratra andrefan'i Afrika, izay navela irery ao anatina tanana izay ifangaroan'ny fahoriana sy herisetra. Nangatsiaka dia nangatsiaka ny andro, hany ka vitsy tamin'izy ireo no nijanona ela teny amin'ny toeram-pilalaovana. Ahoana ary no atao hanoka-fana ny fifandraisana? Nanana hevitra ny hanao tsipy tady tamin'ireo ankizy vitsivitsy teo ny mpiara-miasa amiko. Nibonoka tao anaty akanjo mafana sy tao anaty kiraro baoty izahay, hany ka tsy tena feno hafanam-po, nefa ny hetsika nataonay talaky maso

[12] 2 Petera 3.9

sy hitan'ny manodidina anay! Na izany aza dia niezaka nanohy izahay… toy ireny orsa ireny ny fihetsikay. Tena faly ny ankizy ary maro no nihazakazaka nanatona. Niverina isan'andro niara-nilalao tamin'izy ireo izahay sady nizara ny Vaovao mahafaly. Tao anatin'ny herinandro dia zary lasa mpinamana izahay. Nalahelo mafy izahay satria tsy maintsy handao azy ireo noho ny iraka hafa izay hatao any amin'ny toerana hafa. Ahoana no fandao azy ireo, nefa vao manomboka misokatra amin'ny fitiavan' Andriamanitra izy ireo? Nivavaka sy nifady hanina izahay, nitalaho tamin'Andriamanitra mba hanome vahaolana anay. Tao anatin'ny 24 ora dia nisy tompon' andraikitry ny AEE[13] iray, izay tsy fantatray akory, niantso anay! Naheno mahakasika ny iraka nataonay izy ary efa naniry ny hanomboka klioba ho an'ny ankizy amin'io kartie io!

Niomana ho any Albanie ny ekipa maromaro avy amin'ny JEM, firenena izay tena nihidy taloha. Teo am-pivavahana ho an'ireo ankizy any Albanie izy ireo no nandray izao fisainana izao: Ny asa izay hataon'izy ireo dia ho toy ny jiro be manazava alina mikitroka ka ny tara-pahazavany mihodikodina dia ifandimbiasan'ny hazavana sy ny aizina. Ilay jiro be dia maneho ny fanompoan'izy ireo, saingy miserana fotsiny ihany ny hazavany satria ao anatin'ny fotoana fohy ihany no hanoloran'izy ireo tena. Hiverina amin'ireo ankizy indray ny aizina. Fampitan-dremana avy amin'ny Tompo izany. "*Hitondra fahazavana sy fanantenana amin'ny ankizy izay tsy mbola nandre mihitsy ny fitiavako ianareo. Fa ahoana ny tohiny? Iza no hanampy azy ireo hahalala Ahy sy hanaraka Ahy?"* Tsy tokony hatao tsinontsinona mihitsy izany fanamby izany.[14]

### Ny herin'ny maha iray

Misy herin'ny ratsy izay manosika ireo taranaka tanora ho amin'ny fikomiana, lainga, tsy fahadiovana eo amin'ny fiarahan'ny lahy sy ny vavy, herisetra… Tena miankina aman'aina noho izany ny fampiasantsika ny fahefantsika ara-panahy[15]. Nambaran'ity tale mitantana fitaizana ankizy kely iray fa amin'ny sehatra telo no hanehoany ny fahefany ara-panahy: amin'ny fikomiana, fifandirana ary herisetra. Fahasamihafana lehibe izany! Vokany dia voasoroka ny fandavana, fanakorontanana ary loza mety hiseho!

Mety hiseho hatrany ny tsy fifankazahoan-kevitra sy ny fahasorenana eo anivon'ny ekipa. Raha tsy misy ny maha-iray dia ho mavesatra kokoa ny ady. Fony izaho nanomboka ny fanompoana niaraka tamin'ny tanora vavy iray dia teo ambany fiandraiketan'ny mpampianatra vehivavy tena nahay tsara ny asany izahay. Isan-kerinandro dia nitarika hetsika ankalamanjana tany amin'ny tanana antsoina hoe HLM izahay (HLM: karazana toeram-ponenana mora ny hofany), samy nikendry sokajin-taona samihafa izahay. Toa malahelo tsy fantatra antony izany izahay rehefa mandeha mihazo ny toerana, fa rehefa miverina kosa dia feno fifaliana… Indray andro dia nanokatra ny fony taminay ny mpiandraikitra anay: nahakivy azy ny fahataranay matetika. Nanala ny tsy fifankazahoan-kevitra ny fifampizarana an-kitsipo ary nitarika

[13] Association pour l'Evangélisation des Enfants (FIkambanana Mitory Filazantsara amin'ny Ankizy). Adiresy : 47, rue George-Sand, 91320 Wissous, France ou AEE, Prkstrasse 1, 3072 Ostermundigen, Suisse.
[14] Mamelabelatra mahakasika io lohahevitra io ny boky nosoratan'ny vadiko mitondra ny lohateny hoe: Ahoana no fandraisana an-tanana ireo izay vao niova fo.
[15] Matio 18.18

ho amin'ny fihavanana sy fanavaozana. Tsy ela dia nihatsara ny zava-misy. *Ny fifampilazana ny marina amin'ny fitiavana*[16] dia manarina ny fahefana ary mitarika ho amin'ny fiarahana miatrika ny olana. Isan'ny marika tsara indrindra maneho ny fahamatorana izany.

### Ny herin'ny famonjena

Vao avy namita fampianarana nandritra ny herinandro tamina mpiandraikitra afrikana miisa 20 tany Bamako, renivohitr'i Mali aho. Nisy fitoriana Filazantsara an-kalamanjana roa natao ho fampiharana. Azoko antoka fa any amin'io firenena io izay silamo no betsaka dia tsy ho afaka hiova fo ao anatin'ny fotoana fohy ny ankizy. Nanoro hevitra ireo mpiofana aho ny tsy hanaovana antso ho amin'ny fiovam-po, hadinoko fa misy manana hosotra amin'ny fitoriana Filazantsara ny Afrikana. Tsy nihaino ahy izy ireo; nanambara ny hafatry ny famonjena izy ireo… narahina antso tsy misy tsikombakomba izany. Gaga aho fa marobe ny ankizy no naneho ampahibemaso ny fanapa-hankeviny ho an'i Kristy: ankizy fito taona sy lehibe 14 taona. Nifanohitra tamin'izay noheveriko, fa na any amin'ny firenena izay silamo aza ny 86% dia masaka ny vokatra. "Mangataha amiko, dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran'ny tany ho fanananao."[17]

Nahalala ekipa izay nanadino ny tena zava-dehibe aho, tsy nivavaka izy ireo afa-tsy ny mba hahatonga ny fandaharam-potoana hizotra tsara. "Ry rahalahy, ny irin'ny foko sy ny angatahiko amin'Andriamanitra ho an'ireny dia famonjena."[18] Tsara loatra ve izany? Manahy ny amin'ny fanafihan'ny ray aman-dreny, mpampianatra na ny mpandray anjara hafa ve isika? Sa koa tsy mitandrina loatra ka zary manadino ny mandray an-tanana ireo vao niova fo? Moa ve ny hisokafany misimisy fotsiny amin'Andriamanitra no tadiavintsika sa ny famonjena azy ireo?[19] Raha ny hahita ny fahagagan'ny fahaterahana indray no faniriantsika lalina dia mila manambara ny Filazantsara isika, izay herin'Andriamanitra ho famonjena.

### Manambara ny Filazantsara amin'ny ankizy

Ny hafatry ny Filazantsara dia manana tanjona hanalana ny ankizy avy ao amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana: "Ary fantatsika fa tonga ny Zanak' Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika ilay marina; ary isika ao amin'ilay marina, dia ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay."[20]

#### 1. Tia antsika ny Mpahary

Tsara raha atomboka amin'ny fampahafantarana an'Andriamanitra amin'ny maha-Mpahary Azy. Ny toetrany tia sy tompon'ny hery rehetra dia hita taratra ao amin'ny fahariana. Ny fomba hafakely hanehoana azy dia ny fianarana io lohahevitra io amin'ny

---

[16] Efesiana 4.15
[17] Salamo 2.8 Nahafahanay nihaona tamin'ny olona avy amin'ny firenena maro ny fivoriana nataonay.
[18] Romana 10.1
[19] Ny boky hafa mitovy amin'ity, izay mitondra ny lohateny hoe *Ahoana no hitondrana fiatraikany amin'ny olombelona rehetra* dia mampianatra antsika hivavaka ho amin'ny famonjena ireo izay mbola tsy niova fo.
[20] 1 Jaona 5.20

alalan'ny vavahadin-tsaina dimy. Andeha ho resahina manodidina ny loko, ny feo, ny fofona ary izay rehetra azontsika tsapaina na izay mahakasika ny tsiro.

Tena mitondra fahasambarana ho an'ny ankizy ity lohahevitra tsy mety ritra ity ary mitarika azy ireo avy hatrany hitia ny Mpahary. Ny fahitam-baovao izay omen' ny fahatsapan'izy ireo dia hitondra fientanana eo amin'izy ireo: ny hakanto sy firindran'ny avana, ny hatsaran'ny hiram-borona, ireo hanitra samihafa amin'ny voninkazo, ny tsiron'ny kakaô sy ny halefaky ny volon'ny saka kely… Ho voarain'ny ankizy manaraka izany fa Ilay nanao ny maso dia mahita ary Ilay nanao ny sofina dia mandre! Hitolagaga izy ireo rehefa azony fa tsy vokatry ny kisendrasendra izy ireo, fa avy amin'Ilay Andriamanitra mihevitra ny amin'izy ireo izay nanao azy ireo araka ny endriny ho amin'ny tanjona mazava.

**2. Nosimbain'ny ota ny zavatra rehetra!**

Rehefa nisalasala ny amin'ny maha-mahatoky an' Andriamanitra ny olombelona dia tsy nankato Azy ankarihary izy. Very noho izany ny fisakaizany sy ny fifaliany miana miaraka aminy. Tonga nandrava ny fisian'ny olombelona ny fahafatesana, ny aretina, ny fahoriana ary ny horohoro.

Ny fanazavana mahakasika ny fahotana dia famaliana ireo fanontaniana marobe izay apetraky ny ankizy: "Raha fitiavana Andriamanitra, nahoana no misaraka ny ray aman-dreniny? Fa nahoana izy no miaina ao amin'izao tontolo izao tena ratsy fanahy? Fa nahoana izy no mila miafina mandritra ny fakan-drivotra mba handosirana ireo mpanenjika azy? Nahoana no misy ny ady, ny hanoanana, ny hain-tany, ny aretina?"

Diso hevitra tanteraka isika mahakasika ny zaza tsy manan-tsiny… sy sambatra! Eny fa na dia any amin'ny toeram-pilalaovan'ny akanin-jaza aza dia mety ho toerana anjakazakan'ny mahery amin'ny malemy. Ny tahotra, ny herisetra na famadihan'ny namana akaiky indrindra dia efa zary andavan' androm-piainan'izy ireo. Ny tsy firesahana ny fisian'ny ratsy dia tsy mahavaha ny fijalian'izy ireo! Amin'ny fanazavana amin'izy ireo fa ny fahotana dia miorim-paka ao amin'ny fon'ny tsirairay[21] dia ho azon'izy ireo kokoa ny antony mampivaralila izao tontolo izao: "Ary Jehovah nanenina noho ny nanaovany ny olona tambonin' ny tany, ka nalahelo ny fony."[22] Tian'Andriamanitra loatra isika ka nomeny fahafahana, nefa rotridrotika ny fony rehefa mikomy aminy isika.

Fantatry ny zaza ao anatiny mangina ao fa tokony ho tsara fanahy sy mpankato izy, *saingy tsy manan-kery ho amin'izany izy raha tsy monina ao aminy Kristy.* Araka ny ambaran'i Paoly manao hoe: "Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko."[23] Afaka ny tena halahelo ny zaza iray rehefa tsy hainy ny mitantana ny fahatezerany, ny fironany handainga na hangalatra. Mangeja azy ao anaty sary feno fahantrana mahakasika ny tenany ireny fitondran-tena rehetra ireny. Ahoana no hialana amin'ny fanamelohan-tena izay manaraka izany? Ho laviny ve

[21] Jeremia 17.9 « Ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra sady manana aretina tsy azo sitranina; Iza moa no mahafantatra ny aminy? »
[22] Genesisy 6.6
[23] Romana 7.19

izany? Hoezahina hohadinoina? Hanamari-tena? Tena mila mahazo ny fihavian'ny ratsy izy alohan'ny hanafahana azy. Zava-doza ny vokatry ny fahotana, simbany avokoa ny fifandraisana rehetra. Ny vokatra sahaza antsika rehetra dia ny fahafatesana, izany hoe ny fisarahana mandrakizay amin'Ilay Andriamanitra tia sy masina indrindra. In-dray andro any dia tsy maintsy hanao tatitra aminy isika: "Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana"[24] Ahoana no fomba iresahana izany amin'ny ankizy? Paul White, dokotera misionera tany Tanzanie dia resy lahatra fa mora raisina kokoa ny hafatra raha ampitaina amin'ny endrika fanoharana[25]. Ireto misy ohatra:

*Ilay bibiliava[26]*

Siffus dia bibilava tena tendan-kanina, fantra-panao tsinontsinona ny sakafo andrahoan'ny vadiny izy. Indray andro dia nitsofoka tamin'ny lavaka izy ho ao amin'ny tranon'akoho hangalatra ny atody vao nalatsak'i Cot-Cot. Nataony in-dray mitelina ilay atody. Lasa nibotsina be ny vatany lavalava iny noho ilay zavatra nangalariny. Notazonin'ilay zavatra nibotsina teo aminy Siffus raha nikasa hivoaka tamin'ilay lavaka indray. Niezaka mafy izy, indrisy fa vaky ilay atody, izay izy vao afaka nitsoaka tao amin'ilay lalana tery kely.

Ny ampitso sy ny andro manaraka, dia mbola nitohy nanao izany hatrany izy. Tezitra mafy ny vadin'i Siffus ka nanamarika tam-pahatezerana ny zava-doza miandry azy akory; saingy tsy nampihontsona azy! Fotoana fohy taty aoriana, dia hitan'ilay tompon'ny tranon'akoho fa tsy nanatody intsony Cot-Cot! Fa misy inona ary? Nampiahiahy azy ny fahitany ny marika miolakolaka teo amin'ny tany. Naka atody izy dia nandrahoiny niaraka amin'ny akorany ary napetrany teo amin'ny bozaka fanatodizana. Niverina indray Siffus. Tsy nanahy n'inon'inona, avy hatrany dia nateliny ilay atody, gaga izy fa toa nafana be ilay atody. Mety voan'ny tazo angamba Cot-Cot hoy izy. Tamin'ny fotoana izay hivoahany ny lavaka iny dia tsy tafavoaka toy ny mahazatra izy. Nakapokapony tamin'ny tany ny rambony, niezaka mafy tahaka ny adala izy; saingy tsy nisy hevitra! Taitra ny tompon'ny tranon'akoho ka nihazakazaka sady nitondra vatan-kazo, ary dia novonoiny ilay bibilava.

Ny harivan'iny dia hitan'ny vadin'i Siffus izy teny ambavan'ny amboadia! "Jereo rankizy ny mahazo rehefa manao ratsy, hoy izy tamin'ireo zanany. Aoka ho lesona ho anareo ny ohatra nasehon'ny dadanareo!"

Tena mahavariana ity tantara ity. Siffus, biby nampatahotra, tsy mendrika fitserana. Ny olona tsirairay dia maniry hatrany ny hanatrarana ny mpangalatra. Na dia zava-doza aza no niseho, ny sazy mendrika azy dia nahafahan'ny vadin'i Siffus nampianatra ny zanany.

Hiraikitra ao am-pon'ny mpihaino ny lesona. Na dia tsy mora aza ny miresaka ny *fitsarana sy ny fahafatesana* amin'ny ankizy, ao amin'ity tantara ity dia ny *fitsarana* no

---

[24] Hebreo 9.27

[25] Jereo ihany koa ireo boky roa nosoratany mitondra ny lohateny hoe *Joso la mangouste* sy *Bouhou l'hippopotame* (Editiona LLB)

[26] Tantara notsoahina avy amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe *Fables de la Jungle* nosoratan'i Paul White (Editiona LLB)

nasongadina. Maneho an-tsary ny Romana 6.23b ity fanoharana ity: “fa fahafatesana no tambin’ny ota.” Afaka atao fampidirana ny tantaran’i Akana na Ananiasy sy Safira io tantara io[27].

**3. Maty sy nitsangana tamin’ny maty ho antsika Jesosy Kristy.**

Tsy nafoin’Andriamanitra ao anatin’ny fiafarana mampalahelo misy antsika isika. Hitany ny fahoriana sy ny toe-javatra tsy misy fanantenana misy antsika. Nampanantena ny haniraka Mpamonjy izay hitondra ny fahadisoantsika Izy. Ny hazo fijaliana no ivon’ny Filazantsara. Azontsika fintinina toy izao ny hazo fijaliana: ***noho ny fitiavany dia nanaiky hofaizina teo amin’ny toeran’ny meloka Ilay tsy manan-tsiny.***

- Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao dia ny manolotra ny ainy ho an’ireo izay tiany.

- Kristy mihitsy no niaritra ny fahafatesana noho ny fahotana. Izy izay tsy manan-tsiny, Izy no maty ho an’ny meloka, mba hitondra anao ho ao amin’Andriamanitra.

- Nasehon’Andriamanitra antsika ny fitiavany: fony mbola mpanota isika dia maty hamonjy antsika Kristy.28

Noraisin’i Jesosy ny fahotantsika sy ny sazy mifanaraka aminy mba hahafahany mampitafy antsika ny fahamarinany.

*Ilay reny akoho*[29]

Niomana hivoaka ity reny akoho iray. Alohan’ny handehanany dia nampitandrina ny zanany folo izy mba tsy hiala eo an-tokotany sao ho tratran’ny loza. Nampanantena ireto zanany fa ho hendry tsara hiandry ny fiverenany.

Nanomboka nanao ankiafina izy ireo. Tsy ela dia nandroso soso-kevitra ny zokiny ny handehanana hilalao any ivelany, satria mora hita kely eo an-tokotany, efa fantatra daholo ny fiafenana rehetra! Niezaka hampa-tsiahy ny zandriny indrindra, fa efa noraran’i neny izy ireo tsy hivoaka, saingy tsy nisy niraharaha azy. Faly ery ireto akoho kely nitsofotsofoka tany ambany vatak’azo sy tany anaty lobolobo. Niha-nanalavitra hatrany ny toeram-piompiana izy ireo, ary tsy hitan’izy ireo fa misy doro tanety mizotra manatona azy ireo.

Rehefa niverina ilay reny akoho dia tsy nisy n’inon’inona teo amin’ny tokontany sady niredareda be ny afo teo ivelany! Tsy nisalasala izy fa tonga dia nihazakazaka nanatona ilay loza manatona. Nanetroka be ilay afo ka tsy nahita n’inon’inona intsony izy. Tamin’ny fahadisoam-panantenana no niantsoany ny zanany. Ilay akoho kely indrindra sy ireo valo hafa nihazakazaka feno tahotra ary nisitrika tao ambany elany sady nifona taminy. Haingana, fa manatona ny afo! Sady niaro ny zanany tao ambany elany izy no niroso nihazo ny toerana fiompiana. Ilay zokiny indrindra, izay feno fireharehana no tsy mba nanaraka azy. Izy kosa aloha tsy mba hialoka ao ambany

[27] Josoa 7, Asa 5
[28] Araka ny Jaona 15.13, 1 Petera 3.18, Romana 5.8
[29] Tantara notsoahina tao amin'ny boky nosoratan'i Patricia St Jones mitondra ny lohateny hoe: *Croire, cela s'apprend*.

elatry ny mamany izany e! Nefa, tsy nahita ny lalana haleha izy sady nohajambain'ny setroka, hany ka tratran'ny afo. Ilay mamany kosa tsy afaka nandeha haingana noho ny amin'ny zanany, ny hany azony natao dia ny nanosika azy ireo tao anaty lavaka iray ary nanarona azy ireo. Nolevonin'ny afo avokoa ny zavatra rehetra. Rehefa hariva ny andro dia nijery ny fahasimbana vokatry ny afo ilay tompon'ny toeram-piompiana. Hitany ilay reny akohony efa toy arina sisa! Sady nalahelo izy no namadika ilay reny akoho tamin'ny loha tongony. Akory ny hagagany, fa tao ambanin'ilay reny akoho nisy akoho kely sivy nikiokioka sady velona tsara.

Feno loatra ny fony dia nesoriny ny satrony dia hoy izy: "Tena izany tokoa ny fitiavan'ny reny, manolotra ny ainy ho an'ireo izay tiany! Tsy misy fitiavana lehibe noho izany. Toy izany no nataon'Andriamanitra izay nanolotra an'i Jesosy Zanany mba hamonjy antsika amin'ny afobe."

Toy izao no azontsika hanazavana io fahamarinana io amin'ny mpihaino antsika:

Iza no mbola tsy nankato mihitsy, na nandainga, na nangalatra? Mba hamonjena anao dia niaritra ny fangirifirian'ny hazo fijaliana Jesosy. Telo andro taty aoriana dia velona indray Izy. Nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ankehitriny dia miantso anao hanatona Azy Izy. Tsy efa niteny ve izy hoe: "Impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany,?»[30]

Inona ary no hataonao? Hiezaka hamonjy ny tenanao samirery tahaka ilay zanak'akoho kely zokiny indrindra, sa hifona aminy sy hametraka fahatokiana aminy? Izany no safidy lehibe indrindra amin'ny fiainanao.

Mamoròna karazana tantara maro hanazavana ny hazo fijaliana, ny fitsanganana amin'ny maty sy ireo lohahevitra maro samihafa. Ny fisian'ireo fanoharana samihafa dia hahafahantsika mihevitra manokana ny taonan'ny ankizy, ny zavatra mahaliana azy na ny salan'isan'ny ankizy lahy sy ankizy vavy. Rehefa manao izany isika dia manaraka ny dian'ny Mpampianatra izay nanana tantara kely vonona hatrany mba hanairana ireo mpanohitra Azy na hanazavana ny mpianany.

Ny tantara manaraka dia miantefa amin'ny lehibe kokoa. Tantara tena marina izy ity ary niseho tamin' ny ady lehibe faharoa.

*Ilay angady tsy hita*

Nody avy any an-tsaha ireo gadra izay efa reraka sy noana tanteraka. Nanisa ny angady niasan'izy ireo ny mpiambina nomena andraikitra hiambina azy ireo. Tsy ampy iray ny angady. Tezitra mafy izy ary nandrahona ireo gadra nanao hoe: "Omeko roa minitra ianareo mba hieken'izay nanao fahadisoana, raha tsy izay dia hotifirina daholo ianareo." Nandeha ny fotoana tao anatin'ny fahanginana feno horohoro. Farany dia nisy lehilahy iray niaiky ary niroso nankeo aloha. Novonoina teo imason'ireo namany izy. Fotoana fohy avy eo dia nisain'ilay mpiambina indray mandeha ireo angady; nanao fahadisoana izy satria teo daholo ny angady! Nanaiky avokoa ny gadra rehetra fa tsy meloka ilay naman'izy ireo. Nanao sorona ny ainy izy mba hamonjena azy ireo!

[30] Matio 23.37

Nanaraka ny dian'i Kristy izy noho izany. Tena mahavariana ny fitoviana teo amin'izay nataon'i Kristy sy nataony! Maro no nangataka tamin'i Jesosy ny mba hanovany ny fiainan'izy ireo. Tahaka izao ny vavaka nataon'izy ireo:

- Misaotra Tompo tamin'ny nanaovanao sorona ny ainao ho ahy!

- Mifona aminao aho noho ny fitiavan-tenako!

Niova tanteraka ny rivotra iainana tao amin'ilay fonja. Teo aloha dia miady izy ireo mba hahazo tapa-mofo iray, ankehitriny kosa dia mifampizara izy ireo. Eny fa na ny mpiambina aza dia voakasika.

Hazo fijaliana iray no niantombohan'ny zavatra rehetra, roa arivo taona lasa izany. Ary ianao, tianao ve ny handray io fitiavana izay manova ny zavatra rehetra io?

Ny tantara kely manaraka dia milaza ny hazo fijaliana amin'ny fomba hafa; tsy fahafatesana no sazy, saingy mitovy ny fitsipika mifehy azy: *olona tsy meloka no naka ny toeran'ny meloka.*

*Sazy*

Tratran'ny polisy ity tanora lahy iray antsoina hoe Kim: nitondra moto izy nefa tsy nijanona rehefa nirehitra ny jiro mena. Any amin'ny firenena any Azia dia tena lafo dia lafo tokoa ny sazy. Tsy afaka nandoa ny saziny izy, noho izany dia nasian'ny polisy gadra vy ary nentina nankany am-ponja. Teny an-dalana dia nifanena tamin'ny namany antsoina hoe Thay izy, nanontany azy ny zavatra niseho ilay namany. Sady nitomany i Kim no nitantara ny zava-niseho… Tsy nisalasala akory Thay namoaka ny poke-trany ary nandoa ny sazin'i Kim. Vola saika hividianany ny fiarany anefa io vola io, saingy ho famonjena ny namany dia nomeny ny polisy ny tahiry sarobidiny.

Iza no nanao fahadisoana? Kim? Iza no nandoa ny sazy? Thay. Inona no vokatra? Voavonjy Kim!

Tahaka izany koa ny amiko: izaho no tsy nankato an'Andriamanitra ary mizotra mankany amin'ny fonja mandrakizay aho. Saingy nihaona tamin'i Jesosy aho. Nekeko taminy ny fahadisoako ary Izy no nandoa ny trosako.

Iza no nanao ratsy? Izaho. Iza no nandoa ny saziko? Jesosy. Inona no vokatra? Voavonjy aho!

### 4. Te hiova aho.

Vao haingana no tonga tao amin'ny fihaonana fiarahana mivavaka fanaonay ity tanora mpandray zava-mahadomelina iray. Nanontany azy izahay raha te-hibebaka izy. Tsia! Tsy te-hibebaka aho, fa te-hiova hoy izy! Ny teny hoe mibebaka matetika tsy tena azon'ny olona. Ny teny hoe te-hiova na manenina no mazava kokoa. Ireto misy tantara roa izay hanampy antsika hanazava azy:

*Tanan'i neny*

Nanomana ny asa ratsiny ireto tanora roa lahy. Efa kinga lahy amin'ny famakiana trano izy ireo. Nanao fiainana tokoa zareo, izay rehetra niriany dia novidiany avokoa: fiara fanaovana fanatanjahantena, fitafiana mihaja, sns. Indray andro, tratra teo am-pangalarana izy ireo, tapitra hatreo ny lalany fa nidoboka am-ponja izy ireo.

Hervé ilay voalohany dia avy amin'ny fianankaviana mpanankarena. Afaka nandoa ny vola ahafahana mivoaka ny fonja izy ary afaka naka mpisolovava tena mahay. Tsy ela dia tafavoaka ny fonja izy.

Olivier namany kosa tafajanona tany am-ponja. Sady mahantra no efa maty vady ny reniny, hany ka tsy afaka nandoa ny vola sandan'ny famoahana azy. Taorian'ny roa taona be izao dia nafahana Olivier. Akory ny fahatairany rehefa tafaverina tao an-trano! Lasa antitra be ny reniny! Fotsy avokoa ny volony, ny tanana izay nalefaka iny teo aloha zary lasa nivaramena sy loadoaka. Toa ohatra ny vavy antitra izy. Azony tsara ny fahagagan'ilay zanany ka nazavainy taminy fa niasa andro aman'alina izy mba handoavana ny vola tokony haloan'ilay zanany. Vitany ihany ilay izy noho ny farany, saingy inona no tsy maintsy niaretany!

Taoriana kely dia niantso an'i Hervé i Olivier; tsy niambahamba akory izy niresaka mahakasika halatra izay mety hahazoana vola be! Tafitohina mafy Olivier ka niteny hoe: “Tsia, ampy izay. Niaritra ny mangidy ny reniko ka hanaonao foana indray ve aho rehefa afaka!” Tsy azon'i Hervé izany zavatra izany. Iray volana taty aoriana dia tratra izy, ary sazy henjana no niandry azy tamin'ity in-dray maka ity. Tsy ny ratsy vitany anefa no nampanenina azy tany am-ponja fa noho ny fahatratrarana azy!

Olivier kosa nanenina ny amin'ny fahadisoana. Nahakasika azy manokana ny sorona nataon'ny reniny. Ankehitriny mikarama am-pahamarinana izy sy ny reniny. Izany no antsoin'ny Baiboly hoe fibebahana.

Izaho ihany koa manoloana ny tanan'i Jesosy izay nofatsihana dia azoko tsara izay tsy maintsy niaretany ho famonjena ahy[31]. Tsy mahasarika ahy intsony na fanambakana na fangalarana; lafo vidy loatra ny namon-jeny ahy ka tsy hanaonao foana aho eo amin'ny fiainako.

*Vanoben'ny mpanjaka*

Manana zanaka natsangana ity mpanjaka iray ary monina ao amin'ny lapa izy. Ao anatin'ny valan-javaboary kosa misy vanobe malaza izay tena reharehan'ny mpanjaka. Nianatra mitifitra amin'ny tsipika ilay tanora lahy feno hafanampo. Tsy misaina afa-tsy fihazana sy amboara izy. In-dray andro dia tsy nahatohitra ny fakam-panahy izy fa notifiriny ilay vanobe tsara tarehin'ny mpanjaka ka voa teo amin'ny fony. Natahotra tampoka noho izany nataony ilay zanaka mpanjaka ka nitondra ilay biby ka nandevina azy tany anaty ala. Nihevitra ny hanafina izay nataony izy sy hihazona ny fahatokian'ilay rainy nanangana azy ho zanaka.

[31] Ny famindrampony te-hatarika anao hibebaka. (Romana 2.4b)

Saingy ilay mpahandro sakafo tao an-dapa kosa nahita ny zavatra rehetra niseho. Norahonany ilay zanaky ny mpanjaka fa halazany raha tsy manaiky hanao fanompoana asainy atao. Sady nanao ny asa mafy nasaina nataony izy no niaina tamin'ny tahotra sao dia ho very ny fahatokisan'ny mpanjaka. Tsy nahita tory intsony izy sady niha nahia.

In-dray maraina rehefa tsy zakany intsony ny zava-misy dia nanatona ny rainy izy, vonona ny hiaiky aminy ny zavatra rehetra. Akory ny hagagany fa nitsiky taminy ny mpanjaka sady niteny taminy hoe: "Efa ela no niandrasako ny fiekenao, satria hitako teo am-baravarakely avokoa ny zava-niseho. Izay manafina ny fahotany tsy ambinina, fa izay mitsotra ka mahafoy izany dia avelan'Andriamanitra heloka."[32]

Dia lasa ilay zatovo lahy, afaka tamin'ny enta-mavesatra nolanjainy, voavela tanteraka ny helony. Nifanena tamin'ilay mpikarakara sakafo izy teo an-tohatra ary nasainy nikosoka trano. Nikakaka nihomehy ilay zanaky ny mpanjaka: tsy nanampahefana taminy intsony ilay mpampijaly azy satria efa nekeny sy navela ny helony! Toy izany koa, raha miaiky ny fahadisoantsika amin' Andriamanitra isika, tsy afaka hampijaly antsika intsony ny *mpiampanga*. Raha miezaka ny manafina ny fahadisoantsika kosa isika dia hiaina ao anaty tahotra sy ny fanamelohan-tena. Ataon'ny fahavalontsika izay hinoantsika fa tsy ho tian'ny olona rehetra sy tsy hasiany lanjany isika rehefa fantany ny lasantsika. Tereny hanao asa mafy isika mba hanonerana ny ratsy vitantsika. Tsy manome na fiadanana na fifaliana velively anefa io fanandevozana io. Ny fomba tokana hahafahantsika amin' izany dia ny fiverenana amin'Andriamanitra sy ny fiekena ny fahadisoana Aminy, eny fa na ireo faran'izay miafina indrindra aza. Efa fantany avokoa ny fahadisoantsika rehetra, ny hany andrasany dia ny hiresahantsika izany aminy: "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra."[33]

### 5. Mizotra mankany amin'ny fiainana vaovao…

Fony aho nahafantatra ny fitiavan'Andriamanitra dia nangataka famelana taminy aho noho ny hamafisam-poko. Na nanao izany dingana izany aza aho dia tsy mbola nanana fiadanana ihany. Nisy fanontaniana tena nanelingelina ahy hatrany nanao hoe: "Ahoana no ataoko mba tsy ho mora tezitra?" Fantatro tsara ny tenako, fa na dia lehibe toa ny inona aza ny fikasako, dia mbola ho latsaka amin'ny fahatezerana ihany aho! Tena nanana faheresen-dahatra lalina mahakasika ny ota aho, narahina faniriana ny hiova izany, saingy tsy nanana antoka ny amin'ny famonjena aho. Rehefa nieritreritra aho dia hoy aho hoe raha atsipy any anaty trano maizina aho, angamba hitsahatra tsy hanota intsony! Saingy tsy naharesy lahatra ahy izany vahaolana izany! Inona ary no tsy ampy amiko?

Tsy ampy ilay dingana tsy azo ialana amin'ny fiovam-po rehetra aho: *tsy nandray an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainako aho*. "Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery

[32] Araka ny Ohabolana 28.13
[33] 1 Jaona 1.9

ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany"[34] Tsy nisy nanambara tamiko mahakasika io dingana tsy azo ialana io. Rehefa nataoko izany dingana izany noho ny farany dia nameno ahy fiainana vaovao ny fanatrehany. Eny, misy fotoana aho mbola latsaka amin'ny fahatezerana ihany, saingy tsy fomba fiaina intsony fa sendra solafaka eny am-pandehana fotsiny ihany! Ho fanazavana ity dingana goavana ity amin'ny ankizy dia makà gan-tanana ary omeo baiko ilay gan-tanana hamihina tanan'olona iray[35]. Na dia terena mafy aza izy dia tsy hihetsika mihitsy ary hijanona tsy misy aina eo. Saingy, raha ampiana izy ka ampidirana tanana, dia ho afaka hiharahaba amin'ny fo falifaly ilay olona nofidiana izy ary ho azo ampiasaina amin'ny zavatra maro.

Toy izany ihany koa, raha tsy manana an'i Jesosy ny olona iray dia tsy hanana hery hanao ny tsara, hitia ny hafa na hamela ny heloky ny hafa: "… fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.»[36]

Fiaingana vaovao tsara ny fibebahana, saingy mila azon'ny ankizy tsara fa mba hahatonga ny fiainany hiova dia mila mangataka an'i Kristy izy hanova sy hameno ny fianany. Raha manao izany dingana izany izy dia hateraka indray.

**Ny vavaky ny fanekena vaovao**

Ahoana no hanampiana ny ankizy handray ny Tompo? Ity misy fanoharana hanazavana azy.

*Ilay poizina*

Raha mangetaheta mafy ianao ary mandray vera feno poizina mahafaty, ho sotroinao ve? Tsia, mazava ho azy! Harianao ilay poizina ary hosasainao tsara ilay vera alohan'ny hamenoanao azy rano madio mba hanala hetaheta anao.

Tahaka ny vera ny fontsika; feno poizina mahafaty! Fahotana no iantsoan'ny Baiboly azy. Avy ao amin'ny fo no ivoahan'ny saina ratsy, fialonana, halatra, lainga… Ny hany vahaolana dia ny fandrarahana io poizina io eo amin'ny tongotr'i Jesosy amin'ny fangatahana ny famelany. Manana fahefana hanadio ny fontsika Izy.

Hadio tokoa ny fontsika, fa mbola tsy misy n'inon' inona ao anatiny. Mangataha an'i Jesosy hameno azy amin'ny fanatrehany. Rehefa manao izany ianao dia mamela Azy handrotsaka ny fiainany ao aminao, fiainana izay ahafahanao mitia, manome ary mandresy ny ratsy amin'ny soa.

Manomana ho amin'ny antso amin'ny fiovam-po io sary fanazavana io. Raisina fotsiny ireo singa telo: mandraraka, voadio ary manaiky ho fenoina.

Asao ny ankizy hivavaka manokana amin'ny feo moramora isaky ny dingana:

- **Mandraraka**¸ mangataka famelana amin'ny Tompo noho ny ratsy natao (ampio izy hieritreritra ny amin'ny ratsy atao any an-trano, any an-tsekoly, miaraka amin'ny namana, amin'ny alalan'ny teny, hetsika eny izay eritreretina mangina). Atao

[34] Jaona 1.12
[35] Na maka kiraro, ho an'ny olona any amin'ny faritra mafana, dia omeo baiko ilay kiraro hamindra.
[36] Jaona 15.5b

mangina ilay izy, samy manao, bitsibitsihana (andraso samy hahavita ny ankizy izay vao tohizana).

- **Voadio**… Nofaizina teo amin'ny toeranao ny Tompo teo amin'ny hazo fijaliana. Misaora Azy tamin'ny namelany ny helokao sy ny nanadiovany ny fonao tamin'ny faharatsiana rehetra.

- **Manaiky** ho fenoina… "Tompo o! Omeko anao ny fianako, mila Anao aho. Fenoy ny fanatrehanao aho. Aoka Ianao ho Tompoko sy namako." (Avelao ny ankizy hilaza izany amin'ny fombany na asaina mamerina, araka izay safidiny).

Raha fintinina dia ireto ny teny fanalahidy tao amin'ilay vavaka:

- Ireto ny otako…

- Misaotra noho ny famelan-keloka.

- Midira eo amin'ny fiainako

**Ilay boky tsy misy soratra**

Ity misy fitaovana tena mahomby izay nitarika ho amin'ny famonjena olon-dehibe sy ankizy anarivony, tsy inona fa *Ilay Boky tsy misy soratra,* izay misy dingana dimy. Araka ny anarany dia tsy ahitana soratra ao anatiny, fa pejy miloko izay maneho an-tsary ireo lafin-javatra samihafa mahakasika ny Filazantsara. Noho izy tsotra dia miteny amin'ny olona rehetra izy: tsy mahay manaky teny sy manoratra, manam-pahaizana, ankizy sy olon-dehibe.

Afaka foroninao amin'ny fomba tsotra izy amin'ny fampiasana taratasy miloko izay aforitrao ho toy ny kahie.

Fomba iray hafa kely hanehoana azy ihany koa ny fampiasana ba kiraro miloko, izay nampidirina mialoha tamin'ny tanan'ny mpianatra iray ary esorina tsirairay arakaraka ny fandroson'ny fanazavana. Afaka mampiasa vakana mifanaraka amin'ny loko takiana ihany koa ianao.

***Pejy voalohany: loko mavo*** *(Andriamanitra dia mazava)*[37]

Niaina tao anatin'ny saha lehibe iray ny olombelona voalohany dia Adama sy Eva vadiny, nanodidina azy ireo ny fanatrehan'ny fahazavan' Andriamanitra. Tena sambatra izy ireo, tsy nisy nampatahotra azy, tsy mba noana izy ireo. Teo am-pelantany avokoa ny zavatra rehetra : mananasy, manga, frezy… Nanara-maso azy ireo Andriamanitra ary tonga namangy azy ireo ihany koa. Niresaka taminy ny amin'ireo voankazo tena matsiro tao amin'ilay saha Adama, nasehon'i Eva taminy koa ireo voninkazo tsara be izay nataony endrika girlandy. Azy ireo avokoa ny zavatra rehetra, afats'ilay hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Niteny tamin'izy ireo Andriamanitra nanao hoe: "Raha mihinana io hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy io ianareo dia ho faty."

[37] 1 Jaona 1.5b

In-dray mandeha ary dia niresaka tamin'i Eva ny devoly izay naka ny endriky ny biby tena fetsy nanao taminy hoe: "Ahoana a? Mino ve ianao fa tia anareo Andriamanitra? Tsy marina izany! Nandainga taminareo Izy; tsy ho faty izany ianareo raha mihinana ny voan'io hazo io. Ny mifanohitra amin'izany aza no hiseho, ho tahaka Azy ianareo." Nanomboka nino Eva, fa tsy tian'Andriamanitra homena izany zavatra tsara loatra izany izy ireo, nisalasala tamin'ny teniny sy ny fitiavany izy. Nohaniny ilay hazo nandrarana azy. Nihinana tahaka azy ihany koa ny vadiny. Tamin'io andro io dia lasa tsy naman'Andriamanitra intsony izy ireo ary noroahina hiala tao amin'ny saha.

***Pejy faharoa: loko mainty*** *(Samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra)*[38] Indraindray isika tena matahotra rehefa maizina iny ny andro, fa ny fiainan'i Adama sy Eva kosa dia niharatsy hatrany. Lasa nisy teto an-tany ny fahafa-tesana, ny aretina, ny tahotra izay nitarika ny olona hitomany. Ny antony dia nisafidy nihaino ny bibilava izy ireo ary nanda ny Tenin' Andriamanitra. Ny zanak'izy ireo lahy matoa namono ny zandriny noho ny fialonana. Nanalavitra an' Andriamanitra

***Pejy fahatelo: loko mena*** *(Raha tsy misy ra latsaka tsy misy famelan-keloka*[39]*)* Efa marobe ny ra latsaka hatramin'ny tsy nihainoantsika an'Andriamanitra. Nisy zatovo lahy iray antsoina hoe Claude izay efa zatra mangalatra. Niangavy mafy azy ny zokiny, antsoina hoe Jaona mba tsy hangalatra intsony, ka nanao taminy hoe: "Zava-doza no miandry anao in-dray andro any", Saingy tsy nihaino azy Claude. In-dray alina, raha izy namaky trano iny dia tratran'ny tompon'ny trano. Taitra mafy Claude ka nanatsatoka ny antsiny tamin'ilay lehilahy nikikika niantso vonjy. Feno ny ran'ilay olona novonoiny ilay mpangalatra ary lasa nandositra, ary nenjehin'ny mpiray tanana taminy. Niafina tao amin'ny Jaona rahalahiny izy, izay avy hatrany dia nahazo ny zavatra niseho. Hoy izy taminy: "Esory haingana ny akanjonao dia ny ahy anaovana". Tsy ela dia tonga ireo nanenjika azy. Tsy nanontany akory izy ireo, fa tonga dia nisambotra an'i Jaona izay nanao ilay akanjo voatasin'ny ra. Andro vitsivitsy taty aoriana dia voaheloka ho faty i Jaona. Fotoana fohy nialoha ny hamonoana azy dia nanoratra tany amin'ny zandriny izy nanao hoe: "Zandry a! Ho faty ho anao aho anio. Aza mangalatra intsony. Zokinao tia anao."

Voakasika mafy tamin'ny sorona natao i Claude ka nangataka tamin'Andriamanitra mba hamela ny helony sy hanova azy. Nahita asa izy ary miresaka amin'ny namany ny amin'Andriamanitra izay mbola nanome azy fahafahana miaina.

Ianao koa, raha manohy manao zavatra ratsy ianao dia zava-doza no miandry anao in-dray andro any. Saingy ny tsy fantatrao angamba dia izao: manana zoky izay tena tia anao ianao. Vitany hatramin'ny nandatsaka ny rany ho anao tamin'ny ny nanekeny hosaziana teo amin'ny toeranao. Jesosy no anarany. Izy izay tsy meloka no nanaiky hovonoina toy ny jiolahy teo amin'ny toeranao…tena tiany loatra ianao!

***Pejy fahefatra: loko fotsy*** *(Nitsangana tamin'ny maty Jesosy*[40]*)*Ny fandresena lehibe nobatain'i Jesosy dia Izy velona indray ary niakatra ho any amin'Andriamanitra

---

[38] Romana 3.23
[39] Hebreo 9.22
[40] 1 Korintiana 15.4b

Rainy. Toy ilay zoky lahy teo dia miteny amintsika tsirairay Izy manao hoe: “Tiako loatra ianao ka maty ho anao aho. Nandresy ny aizin’ny ota, ny fahafatesana ary ny fitsarana Aho. Omeo ahy ny fiainanao, toy ilay akanjo feno ra, fa Izaho hanome anao akanjo vaovao be sy madio. Amin’izay dia ho afaka hanatona an’Andriamanitra tsy amin-kenatra ianao.

***Pejy fahadimy: loko maintso*** *(Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena[41]).* Tahaka ny famelan’ ny zava-maniry rehefa lohataona ny andro, ianao ihany koa dia afaka ny handray fiainana vaovao. Mangataha amin’i Jesosy Zokinao mba hamela ny helokao ary ho avy hanova ny fonao. Tahaka ny tsiron’ny tany izay manome aina ny zava-maniry, ny Fanahin’i Jesosy hameno hery sy fitiavana anao. Tianao ve ny hanao izany izao?

Azo atao ny manova ny *Boky tsy misy soratra* mba ho azon’ireo ankizy silamo[42]:

- Amin’ny fanovana ny pejy mavo (loko maneho ny fahazavana) amin’ny pejy maintso dia maneho ny fahariana isika. Ny maintso dia maneho ny filenode-noky ny saha izay katsahina fatratra any amin’ny tany mafana. Maro amin’ireo ankizy silamo ireo no avy any amin’ny tany mafana.

- Tohizantsika amin’ny pejy mainty tsy misy fanovana goavana.

- Ho an’ny pejy mena dia miresaka mahakasika ny fanaovana sorona ondry isika izay entina mampiditra ny sorona nataon’i Jesosy:

Marobe ny ra efa latsaka hatram’ilay fotoana mampa-lahelo izay tsy nankatoavantsika an’ Andriamanitra. Ary satria mijaly loatra isika dia nanomboka nitady an’ Andriamanitra. Isan-taona dia miezaka manavotra ny tenantsika isika amin’ny fanaovana sorona ondry. Saingy tsy manova ny fontsika izany, manohy manao ratsy isika ary dia mamono ondry hafa indray ny taona manaraka.

Andriamanitra kosa miantso antsika mba hiova toy ilay zoky lahy izay…

- Faranantsika amin’ny *pejy fotsy*, izay maneho ny fanadiovana amin’ny ota. “Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo dia ho fotsy tahaka ny oram-panala.”[43]

Jesosy (na Issa) tsy mba nanota na in-dray mandeha aza. Telo andro taorian’ny nahafatesany dia nomen’ Andriamanitra aina indray Izy. Niakatra any an-danitra Izy ary avy any no hiverenany indray hitsara ny velona sy ny maty. Miteny amintsika Izy ankehitriny: “Tena tiako loatra ianao […]” “Izay miaiky ny fahadisoany sy miala amin’izany no hahazo famelan-keloka.”

Ianao ihany koa, afaka ny handray fiainana vaovao ianao, tahaka ilay zandry lahy izay tsy nangalatra intsony, raha mangataka amin’i Jesosy (Issa) ianao hanova anao. Tianao ve ny hanao izany izao?

---

[41] Romana 10.13
[42] Loko efatra fa tsy dimy no ampiasainay: maintso amin'ny toeran'ny mavo, mainty, mena ary fotsy.
[43] Isaia 1.18

Amin'ny alalan'ireo vetin-kevitra izay mitombina tsara ireo dia afaka hahita in-dray mijery ny Filazantsara ny ankizy izay hahafahany mandray fanapahan-kevitra amin'ny fomba mazava.

**Andeha hofintinintsika**

1. **Tia antsika ny Mpahary**

Sary fanazavana: ny fahariana tarafina amin'ny alalan'ireo vavahadin-tsaina dimy.

2. **Nosimbain'ny ota ny zavatra rehetra!**

Samy tsy nankato an'Andriamanitra avokoa isika rehetra ary fahafatesana no sahaza antsika: Manota? Tsy mankato an'Andriamanitra, mandà ny fitiavany, ny lalàny izay feno fahendrena fa manao izay tiantsika atao.

Sary fanazavana: ilay bibilava.

3. **Maty ary nitsangana tamin'ny maty ho antsika Jesosy Kristy**

Ny hazo fijaliana? *Noho ny fitiavany dia nanaiky ho saziana amin'ny toeran'ny meloka ilay tsy meloka.*

Sary fanazavana: ilay reny akoho, ilay angady tsy hita, ilay sazy, ilay zoky lahy.

4. **Te-hiova aho**

Manoloana izany sorona lehibe izany dia fiovam-piainana antsoina hoe fibebahana no andrasan'Andriamanitra amin-tsika tsirairay.

Sary fanazavana: ny tanan'i neny, ilay vano.

5. **Mizotra mankany amin'ny fiainana vaovao…**

Ny fandraisana an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainantsika dia fanasana Azy ho avy honina ao amintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Sary fanazavana: gan-tanana, poizina.

Tahaka ny olon-dehibe dia mila mibebaka sy manolo-tena ho an'i Kristy koa ny ankizy. Andeha homentsika azy ireo ny hafatra *rehetra* mahakasika ny famonjena; mangetaheta fahamarinana sy fitiavana izy ireo. Tsy misy anatranatra ara-moraly afaka hanova azy ireo; Jesosy irery ihany amin'ny alalan'ny sorona nataony, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fonenany ao amin'izy ireo irery ihany no afaka hanome azy ireo fiainana vaovao.

## Fizarana fahatelo

## Andeha hiara-miaina lesona iray

Mba hisian'ny firindrana eo amin'ny fandaharam-potoana dia mila misafidy lohahevitra izay hanazava ireo singa mandrafitra ny fihaonana isika. Rehefa soratantsika amin'ny fehezanteny tsotra sy mazava ilay izy dia ho afaka hamaritra azy amin'ny fomba tsaratsara kokoa isika. Miankina amin'io lohahevitra io no anorenantsika ny hira, ny vavaka, ny tantara, ny andininy, eny indraindray aza ny kilalao… Ny pedagojia ihany koa dia famerimberenana amin'ny fomba kanto zavatra iray.

Ny mpiandry tsara mahafantatra ny ondriny, ireto misy fanontaniana vitsivitsy izay hahafahana mitily ny ivon'ny fandaharam-potoana:

- Inona no andininy laharam-pahamehana ho an'ny vondrona misy antsika? Inona no hafatra tian'Andriamanitra hampitaina amin'ny ankizy izay nomena ho andraikitsika?

- Inona no rafi-piankohonana misongadina? Manaraka ny rafitra mahazatra ve, ankohonana tsy misy afa-tsy reny na ray, mampirafy? Miasa avokoa ve ireo ray aman-dreny? Maro mpiray tampo ve izy ireo? Manana olana ara-bola ve izy ireo?

- Manao ahoana ny fianarany? Mianatra ve izy ireo? Mahatsiaro sambatra ve izy ireo? Azo lazaina ho mahay sa tena tsy mahomby izy ireo?

- Manao ahoana ny tontolo ara-pivavahany? Avy amin'ny tontolo kristiana ve izy ireo, sa silamo, sa bodista, sa tsy mino an'Andriamanitra … ?

- Manana fialam-boly ve izy ireo? Raha eny, inona?

- Iza no maherifon'izy ireo? Ny sary apetany ao an-tranony no hahafahantsika mahalala izany: mpilalao baolina kitra, mpanakanto malaza, mpanamory fiara fanaovana fifaninanana, sns.

- Inona no olana izay mahatonga azy ireo hanala-vitra an'Andriamanitra?

| | | |
|---|---|---|
| - Fikomiana? | -Tsy fahadiovana? | - Fitiavan-tena? |
| - Fanilikilihana? | - Fanamelohan-tena? | - Lainga? |
| -Tsy finoana? | - Asan'ny maizina? | - Fialonana? |
| -Tsy fahombiazana? | - Fahatezerana? | - Nofy ratsy? |
| -Tahotra? | - Fanolanana? | - Hafa? |

Ny valin'ireo fanontaniana ireo dia hitarika antsika hanatona azy ireo sy hitondra hafatra mifanaraka amin' izay zavatra iainany.

**Savasavao ny programatsika**

Nahoana i Bill Wilson, izay efa noresahantsika teo aloha, no afaka nitory Filazantsara sy nampianatra ankizy miisa 24 000 isan-kerinandro, tsy tenenina intsony

ireo ray aman-dreny miisa 4 000 ka hatramin'ny 5 000 izay nanatona fiangonana vokatry ny asa nataony?

Na dia nanohy nampiasa ireo singa tranainy avy amin'ny programa mahazatra aza izy dia hainy ny nanao azy ireny ho mahasarika amin'ny fanampiana kilalao sy fifaninanana arahina mozika mihetsiketsika.

Amin'ny fizarana voalohany amin'ny programa ataony any amin'ny kartie dia mampifaninana ankizy lahy amin'ny ankizy vavy ny mpampianatra roa. Mifampitohy haingana isaky ny roa na efatra minitra ireo kilalao. Tsy misy fotoana banga mihitsy. Ity gadona voafehy tsara ity dia tena fanalahidy tsara satria voasoroka avy hatrany izay mety ho olana ara-pitsipi-pifehezana. Mila vonona avy hatrany arak'izany ireo fitaovana ampiasaina amin'ny kilalao, mila tonga dia vonona ary azo alefa avy hatrany koa ny mozika. Ireo fifaninanana ireo dia mitaky hakingana, hery na fitadiana.

- Kilalao mitaky hakingana: izay mahavita mametaka pinsa lamba be indrindra amin'ny akanjon' ny namany.

- Kilalao mitaky hery: mifampisintona amin'ny tady.

- Kilalao mitaky fitadidiana: manana 30 segondra ny ankizy hitanisana firenena be indrindra.

Ny mpandray anjara rehetra, hatramin'izay saro-kenatra sy izay sahisahy indrindra dia samy manontona ny heriny, mikikika mandra-paha farina ny feony ho fano-hanany ny ekipany na lahy na vavy…fotoana tsy ho hadinony mihitsy izany!

Amin'ny tapany faharoa izay somary milamina kokoa dia sady milalao hatrany ny ankizy no mianatra. Ohatra, ny fanontaniana famerenana dia tsy atao intsony manoloana ny mpampianatra. Zary lasa sehatra iriana fatratra mba hahatonga ny tena ho lasa tompon-daka indray ireny. Afaka asiana valisoa kely hampaherezana ny mpandresy.

Ny tantara dia atao fohy, mampihomehy ary amin'ny fomba tsy mbola fahita. Azo atao ho toy ny tantara an-tsehatra, na mampiasa marionety na sary hita maso hafa.

Tsy mila fitaovana goavana fa ny fahaiza-mamorona no tena ilaina. Raha hitantara ny tantaran'i Jona ohatra dia afaka mampiasa gazety aforitra roa ho lasa satroka, avy eo atao endrika sambo ary farany toy ny endrika vavana trozona mahatsiravina ny mijery azy. Samy omena gazety avy ny ankizy, maka tahaka ny fomba famoretana ny gazety, amin'izay fotoana izay tsy misy hadinony na kely aza ilay tantara.

Zava-baovao hafa: omen'i Bill andraikitra ireo adolantsento. Tombony roa no azo satria mihena ny olana ara-pitsipi-pifehezana, satria ireo mbola kelikely tena liana amin'ny adolantsento ary izy ireo kosa hahatsiaro tena hajaina. Zary lasa mientanentana, mampihomehy ary misongadina ny fampianarana noho ny hafanam-po mampiavaka azy ireo! Mampahatsiaro ny fiainana ao an-tokantrano io fifangaroana io, ny zoky mikarakara ny zandry.

## Raiso am-pitiavana

Ampio ny ankizy kely hanala ny ankajo mafanany, afanao ny tananan'ny sasany izay ngoly, henoy ny alahelom-pon'ilay vao tonga farany, asehoy fa vonona haneho fitiavana isika.

Any amin'ny toerana iray antsoina hoe Bobo-Dioulasso, ny ekipa mpitory Filazantsaranay dia hodidinin'ny ankizy marobe izay manara-maso anay manomboka ny maraina mandra-paharivan'ny andro. Amin'ny fotoana fisakafoanana dia voaelingelin'ny fangatahana amin'ny endriny maro samihafa izahay. Farany dia nanapevitra izahay ny hizara tapa-mofo ho azy ireo. Roa andro taty aoriana dia nandray sora-tanana mibilobiloka natao tamin'ny kahie izahay nanao hoe: "Tena kristiana marina ianareo satria nomenareo mofo daholo izahay rehetra, eny fa na dia ireo tsy endrika ny homena aza!"

Any amin'ny toerana antsoina hoe Burundi dia nentin' ity mpitory Filazantsara afrikana iray teny amoron-drano ireo ankizy mpirenireny an-dalambe ary nizarany savony. Tamim-pifaliana no niarahan'izy ireo nanasa ny fitafiany. Tamin'izay no fomba nakany ny fony.

Tany Madagasikara, tamin'ny alalan'ny hetsika nataon'ny "Porteurs de Vie[44]" dia nisy Malagasy nanomboka klioba ankalamanjana. Tena tian'ny ankizy ilay izy. Fotoana fohy taty aoriana dia nanapakevitra ny hampianatra azy ireo hamaky teny sy hanoratra ny mpampianatra ny ankizy. Nandray fanalahidy hidirana eo anivon'ny fiarahamonina noho izany ireo ankizy tsy nanana ny ho aviny, satria nandray azy tamim-pitiavana marina ny ekipana mpampianatra ankizy tamin'ny fanoloran'izy ireo ny fanomezam-pahasoavany sy ny teo am-pelan-tanany.

Ny ankamaroan'ny ankizy any amin'ny firenena tandrefana dia tsy mirenireny eny an-dalam-be. Saingy mankadiry kosa ny filan'izy ireo fitiavana. Matetika dia tsy ao an-tranony ny ray aman-drenin'izy ireo noho ny asa izay zary lasa maka ny fotoanany rehetra, na noho ny fisaraham-panambadiana. Tena mangetaheta fandraisana sy mangetaheta ny ho tiana ireo taranaka vaovao ireo.

## Andeha hiverenantsika ny programa


Na anaty trano na ivelan'ny trano ny programa ataontsika dia ho hitantsika ao amin'ireto singa ireto[45] ny lohahevitra lehibe voizintsika: kilalao, hira, tantara ao amin'ny Baiboly, andininy ho tadidiana, fanatsoahana lesona avy amin'ny zavatra iray, vavaka, fifampizarana, hetsika pratika.

Ho fampifandanjana azy dia mila anokanana fotoana ny fanentanana tsirairay, raha tsy izany dia tsy hanana fotoana ho azy izay atao farany.

---

[44] Sampana ao amin'ny Tanora Mpanefa Iraka ny ekipa mpanompo antsoina hoe Porteurs de Vie izay naorin'ny vadiko. Manolotra fitoriana Filazantsara sy fanofanana pratika ho an'ny fiangonana izy io. Noho izany dia mitoetra sy mitombo ny vokatra na efa lasa aza ny ekipa.

[45] Ity sary ity izay miendrika voninkazo dia notsoahina avy amin'ny fampianaran'i Wendy Hanna, misionera avy any amin'ny toerana antsoina hoe Nouvelle Zélande, izay niasa tao Paris.




*5 sy 7 azo tsy atao

## 1. Ny kilalao

Mba ho voaray ny *hafatra* dia mila ekena aloha ny *mpitondra hafatra*. Mandritra ny fihaonana eny an-kalamanjana dia mety hatahotra ny lehibe ny ankizy. Ny fiarahana milalao aminy dia fanokafana fifandraisana tena tsara. Ilay fifaliana azo avy amin'ny fiarahana milalao dia ho toy ny tetezana mampifandray ny ankizy sy ny lehibe. Mampisy firaisam-po ary mandrodana ny tahotra izany. Fotoana sy hery nampiasaina tam-pitiavana izay manana tanjona ho fampifaliana ny ankizy. Eny fa na ny ray aman-dreny izay manara-maso eny lavitra eny aza indraindray dia mahatsiaro faly. Ny mpampianatra ankizy izay nahazo ny fony dia ireo izay nanana fo tsotra ka niara-nilalao tamin'izy ireo.

Misy kilalao izay tsy mitaky fitaovana be, saingy tena dokam-barotra tsy mampino izy ireny satria ireo mpijery ny zavatra ataon'ny ankizy dia mikikika, mitehaka, ary dia misarika ny fahalinan'ny kartie manontolo.

### *Kiraro*

Manao boribory ny ankizy; esorin'ny roa amin'izy ireo ny kirarony. Tapenana ny masony ary mila mitady ny kapany miparitaka ao anatin'ilay boribory izy. Asiana kitapo mivelatra eo afovoany; asaina mitsapatsapa mametraka ny kapany eo ambonin'ilay kitapo izy. Raha hitany ny kapany iray, ka ataony eo ambonin'ilay kitapo, nefa efa misy ny kapa ilan'ny mpifaninana aminy eo, dia atsipiny ilay kapa efa eo fa soloiny ny azy. Ny mpandresy dia izay voalohany nahavita nametraka ny kirarony roa eo ambonin'ilay kitapo.

***Kiririoka***

Manao boribory ny ankizy, ny ampahany amin'izy ireo mifandray tanana sady mampiakatra ny tanany any ambony. Ny ampahany kosa maka ny toeran'ny trondro, miditra sy mivoaka ny boribory. Mandritra izany dia manisa mafy ireo manao ny boribory. Rehefa tonga amin'ilay isa nifanarahana mialoha sy tamin'ny fomba tsy fantatr'ireo maka ny toeran'ny trondro dia ampidinin'izy ireo ny tanany hanakanana ny trondro tsy hivoaka. Izay gadra manampy isa ny boribory. Vita ny kilalao rehefa azo daholo ny trondro. Avy eo dia ny trondro indray no maka ny toeran'ny harato.

***Labozia***

Afaka manao ity kilalao ity na ny ankizy kely aza. Mipetraka amanao boribory ny ankizy. Misy ankizy tendrena, antsoina hoe mpizara taratasy, mihazakazaka manodidina ny boribory ary mametraka mangingina lamba kely aorian'ny mpandray anjara iray. Rehefa hitany ilay lamba kely dia raisiny ary enjehiny ilay mpizara taratasy mandra-pahatongany eo amin'ny toerana nialany. Raha tratra izy dia mipetraka eo afovoan'ny boribory. Raha tsy hitan'izay mipetraka ilay lamba napetraka ao aoriany rehefa nahavita nanodidina ny boribory ilay mpizara taratasy dia miditra eo afovoany izay tratra, ary dia raisin'ilay mpizara taratasy indray ilay lamba.

***Mpihaza voay***

Ao anaty toerana mahitsy zoro voafaritra tsara no atao ilay kilalao. Mitsangana eo amin'ny zorony iray ny ankizy, maka ny toeran'ny voay. Eo anoloany misy ankizy iray antsoina hoe "Mpihaza" mijoro eo amin'ny zorony mifanohitra. Rehefa alefa ny feo hiaingana dia miezaka mamonjy ny zorony hafa ny voay. Enjehan'ny mpihaza voay izy ary izay voakasika dia tsy mihetsika. Izay voakasika indray no misambotra avy eo. Tapitra ny kilalao rehefa tratra avokoa ny voay rehetra.

## 2. Ny hira

Rehefa mihira ny ankizy dia mitory ny fahamarinana amin'ny feo mafy. Hisy fiatraikany mahery vaika amin'ny fiainany sy ny tontolo ara-panahy manodidina azy izany. "Raha jereko ny lanitrao, izay asan'ny rantsan-tananao, sy ny volana aman-kintana, izay noforoninao."[46] Tsy vitan' izany fa ho voarakitra ao am-pony ny tonony. Afaka mampatsiaro ireny amin'ny fotoana ilàna azy ny Fanahy Masina.

Rehefa manao safidy isika dia andeha hosainina tsara ireto zavatra telo ireto:

- Ny tonony
- Ny gadona
- Ny fandraisan'anjaran'ny ankizy.

### a. Ny tonony

Ny mpampianatra ankizy sasantsasany dia manana fahazarana amin'ny fanekena ho tarihin'ny aingam-panahy tonga ao aminy amin'ny fotoana iray fotsiny, hany ka tsy

[46] Salamo 8.3

mieritreritra ny amin'ny lohahevitra. Rehefa nofidiana tsara anefa ny hira dia mamelona ny ara-panahin'ny ankizy, mampianatra azy ary manindry mahakasika ny lohahevitra fototra.

Alohan'ny hihirana azy dia tsara raha hazavaina ireo teny sarotra. Manampy amin'ny famafazana masomboly hitondra fiainana ny fanaovana fampidirana tsara. Indraindray fametrahana fanontaniana iray dia ampy. Aorian'ny valiny vitsivitsy dia asio tsindri-peo ilay fahamarinana izay haverin'ilay hira avy eo.

Hihira am-paharesen-dahatra kokoa ny ankizy rehefa mahakasika ny zavatra iainany ilay hira. "Tena narary tokoa Matio, fa nivavaka ho azy isika ary dia miaraka amintsika eto izy androany maraina. Andeha hataontsika ilay hira hoe "Misaotra Tompo o!" Ireny fijoroana ho vavolombelona fohy ireny dia afaka mampatsiahy ny fomba nahitana ny lalana nizorana, ny nahafahana fanadinana, ny niatrehana aliaka masiaka, ny nanoloana zavatra very ary indrindra ny fomba nahalalana ny Tompo.

**b. Ny gadona**

Mampiravoravo ny gadona voarindra tsara. Afaka atombontsika amin'ny karazan-kira mampifalifaly, avy eo tohizana amin'ny hira manetsiketsika hatrany sady manaitaitra. Misy fiakarana miandalana noho izany na ny gadon'ilay hira na ny hamafiny. Amin'ny farany dia ampidinina tsikelikely mba hampitoniana ny ankizy sy hanomanana azy hihaino. Ny hira farany dia malefaka ary azo hiraina mipetraka. Mazava ho azy fa tsy lalana akory ireo fanamarihana ireo, fa fitsipika entina hanampiana antsika.

**c. Ny fandraisan'anjaran'ny ankizy**

Ny hetsika izay ampiarahina amin'ny feon-kira dia mahatonga ny ankizy handray anjara amin'ny hira. Ny tsipi-tady na dihy somary mivelatra kokoa dia mampisy fiaraha-mietana eo amin'ny vatana. Ny ankizy sasany tsy tia mandihy fa mitendry zava-maneno; inona no antony tsy amelana azy hampiasa ny talentany? Amporisiho ny fandraisan'anjara! Tena tian'ny ankizy ny mandray anjara. Voaporofo ny fahamarinan'ity fitsipika manaraka ity: "Mihaino aho dia manadino, manao aho dia mahazo." Amin'ny alalan'ny hira dia manao hetsika ny ankizy, azony izay zavatra atao, izany hoe raisiny ho azy ny fahamarinana nambara. Ovelao izy hanonona hira na haneho fihetsika amin'ny hafa. Tilio ireo izay manana fahaiza-manao hitarika vondrona. Raha voasoratra amin'ny tabilao ny hira, mahasarika kokoa izy ireny raha afaka manaingo azy ny ankizy. Raha mampiasa fitaovana fandefasana sary isika, afaka ampiandraiketina amin'ny fandefasana azy ny iray amin'ireo tanora mpandray anjara.

**3. Ny tantara (vakio ny fizarana manaraka)**

**4. Ny andininy**

Manome fahefana ny lesona ny andinin-tSoratra Masina ampiasaina, mamintina sy manazava ny lohahevitra izy. Ny ankizy dia tena mahay mitadidy, tena mora amin'izy ireo ny mamerina ny andininy nianarana. Raha sendra misy endrika tsy fanekena dia

matetika tsy azon'izy ireo ny heviny. Isan'ny andraikitsika noho izany ny manazava tsara ny andininy alohan'ny hianarana azy tsianjery. Ahoana ary no atao?

### a. Dikan-teny mifanaraka tsara fidiana

Manamora ny fitadidian'ny ankizy ny andininy ny fisafidianana dikan-teny mora azo. Rehefa manazava ireo teny sarotra isika dia manakana ny fihanaky ny fampianarana diso izay misoko mangina sy indraindray toa mamalifaly. Toy izao no fahazahoan'ity ankizy kely iray ny andininy ao amin'ny Jaona 3.16 tamin'ny fiteny frantsay: "Dieu a tant aimé le monde qu'il a donné son Fils unique afin que King Kong ne périsse pas." Tsy hainy mantsy ny teny hoe "quiconque" amin'ny teny frantsay, fa ilay King Kong, rajako be iray kosa dia fantany satria hitany tamin'ny sarimihetsika. Nazava kokoa ny zavatra rehetra raha dikan-teny frantsay nampiasa ny teny hoe "tous ceux" no nampiasaina fa tsy "quiconque".

### b. Mametraha fanontaniana mitombina

Ny fanontaniana dia mamantatra ny haavon'ny fahazoan-javatra, ahafahana manazava izay mbola manjavozavo.

Andeha ho raisina ny Jaona 3.16: "Eny, notiavin' Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa ho velona aina mandrakizay."[47]

***Ny fitiavan'Andriamanitra:***

- Iza no tena tian'Andriamanitra? Izao tontolo izao.

- Inona izany izao tontolo izao izany? Ny tany rehetra.

- Eny, ny mponina rehetra. Manomeza anarana firenena iray. Chine.

- Eny, tian'Andriamanitra ny Sinoa. Milazà mponina hafa izay tian'Andriamanitra. Ny Anglisy, ny Breziliana, ny Maliana…

- Izany a! Andriamanitra ve tia anao ihany koa? Mazava ho azy!

- Afaka solonao ny anaranao izany ilay hoe izao tontolo izao: "Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra Jao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very Jao mino Azy fa ho velona aina mandrakizay."

***Ny fiainana mandrakizay:***

- Inona no miseho ho an'izay mametraka ny fahato-kiany amin'i Jesosy? Hanana fiainana mandrakizay.

- Inona izany fiainana mandrakizay izany? Fiainana tsy misy fahataperany.

- Eny, fiainana tsy mety tapitra mihitsy any amin'ny toerana antsoina hoe lanitra na paradisa.

[47] Jaona 3.16 dikan-teny diem.

***Ny fahaverezana:***

- Iza no afaka hanazava ny atao hoe fahaverezana? (Mangina…)

- Amin'ny fiafaran'izao tontolo izao dia hotsarain' Andriamanitra isika rehetra. Ny devoly sy izay tsy niraharaha an'i Jesosy dia ho very, ho an'ny amin'ny toerana ratsy be antsoina hoe afobe.

***Ny finoana mahavonjy***

- Ahoana izany hoe mametraka ny fahatokiana amin'i Jesosy? Mino Azy.

- Fantatrareo ve ny atao hoe mino? Ny hoe mino dia midika hoe manome ny fony.

### c. Manao tsianjery

Arakaraka ny hamerimberenan'ny ankizy ilay andininy no hahatonga azy ho tadidiny. Misy fomba marobe *maha-finaritra* azo anaovana azy. Tena zava-dehibe ilay endrika lalao[48].

- Maka tahaka polisy mandrindra fifamoivoizana izay manome baiko ny fiara handeha ianao, rehefa manangana ny tanany izy dia mampijanona ny fiara. Rehefa manome baiko ny fiara handeha ny polisy dia mamaky daholo ny rehetra. Tonga dia mijanona ny mpamaky rehefa manome baiko hijanona ny polisy. Mazava ho azy fa ataon'ny polisy izay hanapahana ny vakiteny amin'ny fotoana tsy ampoizina indrindra.

- Andao hilalao "chef d'orchestre" Rehefa ampia-karina ambony ny tanana dia mamaky mafy ny ankizy, rehefa ampidininy ny tanany dia mibitsibitsika ny ankizy, tsy hadino koa ny eo anelanelan'ireo. Fifaliana ho an'ny ankizy ny haka ny toeran'ny "chef d'orchestre".

- Soraty ao amin'ny horonan-taratasy ny lahatsoratra. Vahao ilay taratasy, avy eo aorony mba tsy ho hita ilay soratra.

- Afaka fafantsika tsikelikely eo amin'ny solaitrabe ihany koa ny lahatsoratra. Asaina misy manolo-tena hamaky azy mandra-pahavoafafa azy tanteraka. Azo atao fifaninana ho an'ny vondrona roa izy ity.

- Afaka maka tady fanahazan-damba ihany koa isika. Ahantona aminy ireo taratasy misy ny teny tsirairay mandrafitra ny andininy. Avadika tsikelikely ny taratasy. Ny ao mbadika kosa tsy misy n'inon'inona na koa misy sary maneho ilay teny ao ambadika[49].

---

[48] Ny Fikambanana Mitory ny Filazantsara amin'ny Ankizy (AEE) dia manolotra andininy amin'ny endrika tsy manan-tsahala sy fifaninanana mitadidy.

[49] Mpitandrina iray antsoina hoe Philippe Aubert dia namorona fomba fitadidiana andininy ka navadiny ho sary ireo andinin-tSoratra Masina (Filan-kevitra: M. Aubert, Ch. De Sorecort, 1134 Vufflens-le-Château, Suisse, e-mail: ph.aubert@urbanet.ch)

- Mahafinaritra ihany koa raha soratana amin'ny tabilao iray nohetezana toy ny piozla ny lahatsoratra. Esorina tsikelikely ireo singa tsirairay rehefa manao famerenana.

- Afaka mamaky amin'ny alalan'ny gadona samihafa ihany koa ny ankizy. Vakiana miadina, avy eo haingana. Tsy hadino koa ny gadona "rap".

- Azo hiraina ihany koa ny andininy (misy amin'izy ireny efa misy feony), na koa atao hetsika tsy miteny.

- Araka ny nambara tetsy aloha, rehefa azo ovana amin'ny anaran'ny ankizy izay voalaza ao amin'ny andininy dia asaina averiny amin'ny fampiasana ny anarany. Ohatra, ilay ankizy eo ankavanana mamerina ilay andininy ho an'ilay eo amin'ny ankaviany mandra-pandrain'ny tsirairay ilay teny fikasana. Mahakasika ny andininy indray dia oharintsika matetika amin'ny adiresy izy ireny, satria manampy hahita ilay andininy ao anatin'ny Baiboly izay tranom-boky goavana be.

### d. Manao famerenana ny andininy

Ny herinandro manaraka no atao ny famerenana. Asehoy ny sary izay niaraka taminy, tonony ny fanom-bohany, avereno ny feony tsy misy tonony, ataovy fihetsika na omeo ny teny fanalahidy mba hampiverina ny fitadidiana. Ny fanomezana mari-pankasitrahana izay nahay tsara dia hanome faharisihana ho an'ny ankizy hafa amin'ny manaraka.

## 5. Fanatsoahana lesona avy amin'ny zavatra iray

Na dia tsy hoe zavatra tsy maintsy atao isaky ny lesona aza izy ity dia azontsika atao ny mampiasa zavatra iray ho toy ny fanoharana velona. Hanampy ny ankizy haha-takatra ny fahamarinana tsy azo tsapain-tanana sy zary toa teoria saro-takarina ity fomba iray ity. Jesosy dia nampiasa azy ity.

- Tamin'ny alalan'ny fampiasana vola madinika no nanampiany ireo olona niresaka taminy hanavaka izay atolotra ho an'Andriamanitra sy atao amin'ny manam-pahefana.

- Tamin'ny fiantsona ankizy no nanehoany ny tena fanetren-tena.

- Tamin'ny fanasany ny tongotry ny mpianany no nampianarany fa raha Izy Mpampi-anatra aza tonga mba hanompo dia tokony hanaraka ny diany koa isika50.

Ireto misy santionany vitsivitsy:

***Ny fiainana kristiana feno fandresena dia mitaky fanakekezana an'i Kristy***

Nasain'ny mpampianany nanapaka hazo kely ity ankizy kely iray. Tsy sarotra taminy ny nanapaka azy satria malemy ilay hazo. Naka hazo kely hafa izy ary natambany tamin'ny fantsika be iray. Tsy misy afaka hanapaka io hazo kely io intsony. Toy izany

[50] Matio 22.15-22, Matio 18.1-4, Jaona 13.1-17

koa, raha tsy manana an'i Kristy isika dia malemy, fa rehefa miaraka aminy isika dia manoatra noho ny mpandresy.

***Avy ao amin'ny fo no loharanon'ny aina***

Atsobohy ao anaty kafe ny spaonjy iray, avy eo potseho mba hamoaka ilay rano maintimainty tsy dia mahafinaritra voatahiry ao aminy. Avereno izany, ary soloy karazana rano samihafa, avy eo farano amin'ny rano madio. Ny fontsika koa toy izany, vonton'ny tontolo izay ifaneraserantsika. Raha namana mpaniratsira no iarahan-tsika dia tsy mahagaga raha lany andro mitsikera ny hafa isika. Raha mijery horonan-tsary feno herisetra isika alohan'ny hatory, aza gaga raha manonofy ratsy. Raha mitsangatsangana mijery ny masoandro miletika ianao dia hanana fiadanana na dia amin'ny fotoana hanaovana fanadinana aza.

***Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray***

Samy nahazo silgaoma iray fonosana ireto mpampi-anatra ankizy anakiroa. Ny iray nizara ny azy tamin'ny ankizy, ny iray kosa nampiditra ny azy tao am-bavany! Tsy mahagaga raha ilay voalohany nahita fifaliana niara-nanabotsina ny silgaomany tamin'ny ankizy, fa ilay faharoa kosa nitokatokana irery nitsako ny azy.

Afaka mampiasa ireo zavatra rehetra hita amin'ny fiainana andavan'andro isika noho izany. Mba hahatonga azy ireny hanaitra dia ampiasaintsika ho toy ny tahirin-kevitra izy ireny.[51]

### 6. Ny vavaka

#### a. Mamelona ny finoana

Mila sakafo ny finoana mba hivelarany. Noho ny faharesen-dahany mahakasika izany zavatra tsy azo ialana izany dia nanao tabilao roa lehibe ity mpiandraikitra iray. Ny voalohany mitondra ny lohateny hoe *azafady* ary ny faharoa *misaotra.* Arakaraka ny nandrosoan'ny fotoana dia feno ny fangatahan'ny ankizy ilay tabilao voalohany, nihafeno valimbavaka tsikelikely kosa ilay faharoa.

Hitan'ny mason'ny ankizy noho izany ny vokatry ny vavaka nataony. Ireo vavolombelona ireo sy ny fanka-sitrahana manaraka azy dia hanamafy ny finoan'izy ireo. Amin'ny fifikirana amin'izany traik'efa izany dia tsy kivy intsony izy ireo raha toa ela vao mivaly ny vavaka nataony.

Arakaraka ny fisehoan-javatra dia mety hamaly *eny* na *tsia* na *andraso kely* amin'ny zanany ny raim-pianakaviana iray. Noho ny fitiavany ilay zanany lahy vao 6 taona dia tsy homeny azy velively ny fiarany. Ao aoriana kely, rehefa mahazo ny fahazoan-dalana mamily izy dia tsy ho olana aminy intsony ny manome azy ny fiarany. Ny famalian' Andriamanitra dia baikon'ny *fitiavany* hatrany. Afaka asehontsika amin'ny alalan'ny jiro maro loko fampiasa amin'ny fifamoivozana izany fahamarinana izany.

---

[51] Misy tari-dalana amin'ny fiteny anglisy iray noforonin'ny fikambanana antsoina hoe Metro Ministries, mitondra ny lohateny hoe Power Pack of Object Lessons. Adiresy: K.I.D.S. CHURCH, CharismaLife Publishers, 600 Rinehart Rd, Lake Mary, Florida 32746, USA.

Mampa-tsiahy antsika ny jiro maintso fa afaka mamaly *eny* Andriamanitra, ny jiro mena *tsia*, ary ny jiro *volom-boasary* andraso kely.

### b. Fianarana mivavaka

Indraindray dia tena sarotra amin'ny ankizy ny miva-vaka mafy manoloana ny hafa; ahoana no anampiana azy? Arakaraka ny maha-kely azy no tsy hananan'ny ankizy fahasahiana; tsara noho izany raha ampiana izy hanomboka aloha araka izay azo atao. Tsy vitan'izany, fa ny ankizy dia mianatra amin'ny alalan'ny fakana tahaka, mila modely izy: ataovy tsotra, fohy ary mazava ny vavaka ataontsika.

Nanomana kilalao ho an'ny ankizy latsaky ny 6 taona ity mpampianatra ankizy iray; nasainy nampitapita baolina kely tamin'ny tanany izy ireo nandritra ny hira. Amin'ny fotoana tsy ampoizina dia atsahatra tampoka ny hira, ary izay mitazona ilay baolina farany asaina mivavaka. Vavaka ho an'ny ray aman-dreny no lohahevitra tamin'io fotoana io. Teny fohy avy ao am-po toy ny hoe "Misaotra noho ny amin'i Neny, mba sitrano ny lamosiny marary."

Ireo lehibebe kosa dia manahy ny ho afa-baraka manoloana ny mpihaino raha miambakavaka ny fomba fivavany. Afaka hamoraina izany ka asaina miara-mivavaka izy rehetra mahakasika fangatahana efa voafaritra mialoha. Isan'ny fomba iray hanampiana azy handresy ny tahony ny fampiarahana azy tsiroaroa. Mifampizara ny tonom-bavaka izy ireo ary mifampivavaka.

## 7. Vondrona fifampizarana[52]

Arakaraky ny nandrosoan'ny fotoana dia lasa vondrona fifampizarana[53] izahay. Toy izao manaraka izao ny fanda-haram-potoana atao: fandraisan'olona, hira, vakiteny, adihevitra mahakasika lahatsoratra miaraka amin'ny fanontaniana roa na telo ary vavaka ataon'ny ankizy, ireo rehetra ireo dia arahina andininy ianarana tsianjery sy hetsika pratika ataon'ny ankizy izay tarihin'ny mpampi-anatra ny ankizy.

Ao amin'ny sehatry ny fandaraham-potoananay dia tsy mihoatra ny 15 minitra ity hetsika iray ity. Atambatra ho vondrona kely iray ny ankizy. Arakaraka ny isan'ny ankizy ao amin'ilay vondrona no ilana mpanampy: ny adolantsento sy ireo zandriny dia tena mpanentana mahay; matetika dia mahita fahafaham-po amin'ity fanompoana ity izy ireo ary manolo-tena mandritra ny fotoana maharitra. Ny fisiana fanontaniana vitsivitsy dia hanampy ny ankizy hampifandray ny lohahevitra ianarana amin'ny zavatra iainan'izy ireo. Manampy azy haneho ny faharesen-dahany ity fifampizarana ity; amin'ny famaliana ny fanontaniana dia asehony ny fomba hiainany ny lohahevitra ianarana.

Fintinin'ny mpanentana amin'ny fandraisana ny valin-teny mahafa-po indrindra ny fotoana. Avadika ho vavaka ilay fifampizarana avy eo. Mivavaka ho amin'ny fizotran'ny fianarana any an-dakilasy ny ankizy (fa tsy ny mpanentana), ho amin'ny namany izay marary, ho an'ny mpampianatra izay manohitra ny finoana, sns. Afaka mandray anjara

---

[52] Hevitra nalaina avy tamin'ny alalan'i Maguy sy Stéphanie Schaerer izay nanangana vondrom-bavaka tany an-tokantrano mba hahafahan'ireo ankizy tsy manana fiangonana mahalala an'i Kristy (Filan-kevitra: Mme Schaerer, JEM, 3, Place de la Tour Neuve, 26130 St Paul-Trois-Châteaux, France).

[53] Azo atao ivelan'ny fandaharam-potoana ihany koa ity hetsika ity amin'ny alalan'ny vondrom-bavaka any an-tokantrano.

fitenenana na ireo izay faran'izay saro-kenatra aza eo anivon'ity vondrona kely ity. Mahasarika ilay fotoana satria resahana ao ny zavatra mampiasa-saina ny ankizy. Telo ka hatramin'ny dimy minitra dia ampy hivavahana ho an'ny fito ka hatramin'ny valo taona. Aleo lavitra mbola manana hetaheta hivavaka izy ireo noho ny mifanohitra amin'izany!

Ny herinandro manaraka dia asianay fotoana hijoroana vavolombelona. Zava-dehibe ho an'ny ankizy ny fandre-sena tsirairay satria niainan'ireo iray vondrona aminy. Ankoatr'izay, ireo izay mijoro ho vavolombelona kosa miha-mahery, satria maneho ny finoany manoloana ny namany izy ireo.

Ity misy ohatra fifampizarana mahakasika ilay Samaritana tsara fanahy ho an'ny vondrona fifampizarana:

- Ny namako ve izay olona tena tiako ihany?

- Iza marina moa no namako?

- Raha misy ratsy fanahy amin'ny ankizy any am-pianarana, inona no ataoko?

Hmpatsiahivin'ny mpanentana fa Jesosy dia afaka manome fahasahiana antsika mba hiaro ireo izay isetrasetran'ny hafa. Fiainana vaovao sy hery vaovao no mikoriana avy amin'ny hazo fijalina.

Hampatsiahivin'ny mpampianatra ny ankizy fa afaka manome antsika fahasahiana hiaro ireo izay hisetra-setrana Jesosy. Fiainana sy hery vaovao no mikoriana avy amin'ny hazofijaliana.

Ity hetsika ity dia mety hitarika ireo izay mbola tsy nanolo-tena ho an'i Kristy hanao izany, ireo izay efa mpianatra kosa hanana faharesen-dahatra miori-paka. Ny fahombiazana dia ny fakan'ny ankizy ny toeran'ny mpandray anjara fa tsy mpihinana fotsiny.

### 8. Ireo hetsika pratika

#### a. Asa tanana

Tsy zava-miafina ny fahalalana fa ny ankizy dia tia manao sary, manapaka sy mametaka taratasy… Feno boky mahakasika ireny any amin'ny tranom-boky. Tsy mety ritra ireo zavatra azo atao, toy ny sary trano vita amin'ny akoran'atody, firavaka vita amin'ny perla, na saribakoly vita amin'ny taratasy nototoina. Ireny asa-tanana vita ireny no mampahafantatra ny amintsika amin'ireo ray aman-dreny; rariny raha anokanana fotoana sy fitaovana. Ny vokatra vita dia afaka ampifandraisina amin'ny lohahevitra ianarana.

#### b. Asa famoronana

Tsy maintsy mahita fahombiazana isika rehefa mampanao hetsika mampiasa teny. Asaina mamorona hira, manao fanadihadiana, mamorona hetsika tsy miteny, tantara fohy, teatra, sns… ny ankizy. Azo tohizana mandritra ny telo volana ohatra ny hetsika iray.

#### c. Hetsika mampifalifaly

Azontsika atao ihany koa ny mampanao kilalao entina manabe. Ilay kilalao mitondra ny lohateny hoe: “Hoy Jakoba hoe[54]” ohatra dia manasongadina ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana. Ilay kilalao mahakasika ny mpiandry ondry[55] mampatsiahy ny fahatokiana. Ilay kilalao mahakasika ny efajoro maromaro mamporisika ny ankizy hiara-miasa ao anaty ekipa[56]. Ny kilalao kely mampiasa kodiakely dia fomba mahatsikaiky ahafahany mamerina ny zavatra efa hainy. Mifandimby manipy kodiakely ny ekipa ary mamaly ny fanontaniana mifanaraka amin’ny laharana eo amin’ny faritra voatondro, afaka manohy manipy izy raha mahamarina.

#### d. Asa soratra

Ireo efa zokinjokiny dia afaka mamorona lamba asiana soratra na sarisary mampita hafatra, na dokam-barotra, na tantara an-tsary, na gazety.

[54] Ataon’ny ankizy ny hetsika asain’ny mpitarika ny kilalao atao raha manomboka amin’ny fehezan-teny hoe: “Hoy Jakoba hoe”. Raha manatanteraka ny baiko tsy nialohavan’io raikipohy io izy ireo dia misy sazy omena azy.

[55] Ampiarahina tsiroaroa ny ankizy; ny voalohany tapenana ny masony ary manaraka ny baikon’ny faharoa mba hahafahany mandroso tsy midona amin-javatra. Ampifamadihana ny toerana avy eo. Asaina mitantara izay tsapany izy ireo rehefa vita ny kilalao.

[56] Manaova tabilao efajoro ahitana efajoro kely 81 ao anatiny. Rehefa marina ny valin’ny fanontanian’ny ekipa iray dia manisy marika ao anatin’ny efajoro kely iray izy. Ny mandresy dia izay mahavita manisy marina telo mifanesy ao anaty efajoro kely. Afaka misafidy izy izay filaharan’ny efajoro safidiany.

# Fizarana fahefatra

# Andeha hamorona tantara

Raha voasariky ny voninkazo ny lolo, ny olombelona kosa voasariky ny tantara. Mahavariana ny fahombiazan'ny sarimihetsika satria hainy ny nitrandraka ny fahalinan'ny olombelona amin'ny tantara. Raha ny tena marina dia tokony hahay mitantara avokoa ny mpampita hafatra rehetra! Ireo mpaminany izay nomena andraikitra hampitandrina ny mpanjaka sy ny vahoaka dia nahay nifehy ity fahaiza-manao ity. Niankina tamin'io fahaiza-manao io ny hihainoana azy, eny hatramin'ny ainy mihitsy aza!

Ny iray tamin'izy ireny dia nantsoina hampiaiky ny fahotan'ny mpanjaka mpamono olona iray, nambarany fa ny ondry tokan'ity lehilahy mahantra dia novonoin'ny mpifanolo-bodirindrina taminy izay mpanankarena tamin' ny fomba tsy mifaditrovana[57]. Tohina ny fon'ilay manam-pahefana ka niteny hoe: “Mendrika ho faty izay nanao izany!” Dia namaly ny mpaminany nanao hoe: “Ianao no izy!” Fantatrareo angamba fa Natana izay nampiaiky an'i Davida no tiana hambara. Rehefa resy lahatry ny fahotany ity farany dia nanetry tena.

Hitantsika amin'izany fa tantara tsotra dia tsotra dia afaka nikasika fo vato niezaka nanafina ny fijangajangana sy vonoan'olona nandritra ny volana maromaro. Mpiandry ondry Davida ary avy amin'ny fianakaviana tsy dia nanankarena izy. Tsy vitan'izany fa fantatra amin'ny maha-olona tia fahamarinana azy. Tena voafantina tsara noho izany ity tantara ity.

Toy ny fonosana mamy sy matsiro manodidina fanafody mangidy sy mafaitra nefa mamonjy aina ny tantara. Ny fahamarinana fonosiny matetika tsy moramora ny mandray azy. Tsy tonga tonga hoazy raha rakotra tantara sy fanoharana ny Baiboly, *isan'ny fitaovana izay tena tian'Andriamanitra ampiasaina izy ireny hikasihana antsika.*[58] Toy ny fanafody fampatoriana izay mahatonga ny marary tsy handre fanaintainana ary ahafahan'ny antsin'ny mpandidy manala ny aretiny, dia toy izany koa ny tantara, mamela ny sabatra roa lela hiasa amin'ny hakingana izy.

Moa Jesosy tsy nampiasa ny zava-misy amin'ny fiainana andavan'andro ho fampianarana antsika, nampiasa ny moka, ny fanaovan-jiro, ny voaloboka, ny karama, ny toetr'andro Izy: tahaka Azy dia afaka mampiasa ireo fanoharana manaitra izay miresaka zavatra malaza eo amin'ny fiarahamonina ihany koa isika: baolina kitra, sakafo fampihenana tena, ny sarimihetsika nivoaka farany, ny rivotra maloto na ny akanjo lamaody. Araka ny hitantsika tao amin'ny fizarana teo aloha, ny tantara dia manazava ireo fisainana ara-Baiboly izay saro-pady toy ny fahotana, ny fibebahana, ny fanavotana…

Ireto ny dingana enina famoronana tantara:

---

[57] Jereo ny 2 Samoela 12

[58] Vahavahana ao amin'ny fizarana faha 7 ao amin'ny boky *Porteurs de Vie* nosoratan'i Carlo Brugnoli (Edisiona JEM) io lohahevitra io.

- Farito ny hafatra fototra.

- Mamoròna dingana mampitaintaina.

- Afeno izay ho tohiny.

- Manaova drafitra.

- Manaova fampidirana.

- Asongadino ny famaranana.

### 1. Farito ny hafatra fototra

Tsy mitantara tantara fotsiny no atao fa mampita *fampianarana, fomba fiaina, hafatra.* Ao anatin'ny tantara matetika dia misy *hafatra lehibe maromaro.* Fahendrena noho izany ny fanokanana fotoana hivavahana sy fisokafana amin'ny lohahevitra izay ataon'Andriamanitra ao am-pontsika. Katsaho ny hampita *ny fahamarinana* hiainana.

- Mivavaha ary fantaro ny filan'ny ankizy.

- Karohy ny vahaolana ara-Baiboly mifanaraka amin'ny filana (finoana, fanetren-tena, fahalalahan-tanana, sns.)

- Tadiavo ny tantara izay hanazava ilay fitsipika. Manàna saina tia karokaroka, ny zava-dehibe dia ny hahazoan'ny ankizy sy hiainany ny fitsipiky ny Baiboly; na nampitaina tamin'ny alalan'ny fanoharan'ny taonjato voalohany izany na tamin'ny fanoharan'ny taonjato faha 21.

### 2. Mamorona dingana mampitaintaina.

#### a. Ny mahery fo

Ny mahery fo no ivon'ny fitaintainanana ao anatin'ny tantara rehetra. Fidio ny mahery fo izay manana sedra na olana mifanaraka amin'ny an'ny mpihaino. Raha ny mahazatra antsika dia ilay mpilalao fototra no mahery fo, nahoana raha somary ovana kely? Misy karazana mahery fo maro: ilay mahatonga nofinofy, ilay mahatsikaiky, ilay ratsy fanahy, sy maro hafa. Raha raisintsika ohatra ny tantaran'ilay zanaka adala, afaka mifantoka amin'ilay zokiny isika, na amin'ilay ray, na amin'ireo namany, na amin'ireo mpanompo. Maka ny toeran'izy ireo isika, mikatsaka ny fomba hahatakarana ny olany. Tantara iray noho izany dia mety hiafara amin'ny zavatra hafa mihitsy.

- Ny olan'ilay zokiny dia mahakasika ny maha-izy azy: tsy tena mahafantatra ny rainy izy ary miaina tsy toy ny zanaka fa toy ny mpiasa an-trano. Iarahantsika mikaroka aminy ny antony toa anadinoan'ny rainy azy. Tiana ve izy? Sa trandrahina? Mihevitra manokana ireo ankizy tezaina amin'ny tontolo kristiana isika, ankizy izay tsy mahazo aina matetika noho izy ireo voarirotra ao anatina fomba fiaina tsy dia mazava.

- Ho an'ilay ray kosa, ny fandavan'ny zanany azy dia nandrotika ny fanahiny.

- Ho an'ilay zandriny, ny hetahetany hanana fahaleo-vantena niafara amin'ny fahafoanana.

Afaka tantaraintsika amin'ny fampiasana ny fomba fijerin'ny vavolombelona ihany koa ny tantara.

- Olona nasaina milazalaza mahakasika ny fietren'ity zazalahy malala-tanana nefa tsy dia nanam-pahendrena.
- Mpanompo iray mitantara ny fahorian'ny tompony manoloana ny fikomian'ny zanany.

**b. Ny fanambiny**

Ny famelabelarana ny fanambin'ilay mahery fo no mamaritra ny *fiandrasana mampitaintaina,* ny fiandrasana amin-tahotra ny vahaolana tsy azo antoka! Arakaraka ny halehiben'ny olana no halehiben'ny fahalinana; mifamatra amin'ny ady atrehan'ilay mahery fo ny fahalinan'ny mpi-haino… sy ny hatsaran'ny fanoritsoritana ilay tantara;


Matetika dia aseho amin'ny endrika fifandonana ny zava-tsarotra atrehana:

- Olona mifanandrina amin'olona (Davida sy Goliata):
- Olona mifanandrina amin'ny natiora (ny nampitoniana ny tafiotra):
- Olona mifanandrina amin'ny feon'ny fieritreretany (Namonjy ny ainy tamin'ny fiafenana tao amin'ny tempoly Nehemia, toerana izay tsy azon'izay tsy mpisorona idirana?).59

Aza tapahina ilay fiandrasana am-pitaintainana amin'ny fanomezana aloha loatra ny vahaolana; ataovy izay hanafenana azy ela araka izay azo atao. Aminy sarimihetsika ny fotoana manasaraka ny fizarana tsirairay dia miseho *amin'ny fotoana tena saro-pady*, ohatra rehefa miditra mangina ao anatin'ny tranon'ny mahery fo matory ny mpamono! Ny mpijery rehetra dia samy te-hahalala ny tohiny. Tehirizo tsara ity raikipohy manaraka ity: *mahery fo + fanamby = fotoana mampitaintaina!*[60]


**c. Ireo karazana fotoana mampitaintaina**

***Fotoana mampitaintaina miaka-midina.***




[59] 1 Samoela 17, Marka 4:39-41, Nehemia 6:11-12.
[60] Raikipohin'i Georges Ansermin, mpitory filazantsara amin'ny ankizy.

***Fotoana mampitaintaina miharatsy miharatsy***




***Fotoana mampitaintaina manoloana zavatra tsy azo tanterahina***

Vao maika miakatra ny fitaintainana rehefa toa tsy tohitra intsony ny sakana: noho ny fetra ara-jeografika, ara-potoana, araka ny lalàna…

- Tapi-dalan-kaleha manoloana ranomasina mena ny zanak'Israely, ka na misafidy ny fandringanana na ny ho maty an-drano…
- Afaka valo andro dia hopotsehin'ny fahavalo ny mason'ny mponina rehetra ao an-tanàna.
- Nomelohin'ny mpanjaka Aserosy ho faty tamin'ny alalan'ny lalàna tsy azo ivalozana ny zanak'Israely.61

***Fotoana mampitaintaina miverimberina***

Ireo zavatra miverimberina dia mampisy fitaintainana amin'ny tantara:

- Nihodidina im-pito ny mandan'i Jeriko ny miaramila.
- Niantso an'i Samoela in-telo ny Tompo.
- Nitsoboka im-pito tao amin'ny Jordana i Namana.62

***Fitaintainana noho ny fandrika izay tsy fantatry ny mahery fo***

Rehefa fantatry ny mpijery ny fandrika izay tsy fantatry ny mahery fo dia miredareda ny ao am-pony hahalala ny fomba hahatafavoahan'ity farany:

- Nialona ny fahombizan'i Daniela ny mpiara-miasa aminy. Nampamoaka lalàna mandrara ny hivavahana amin'Andriamanitra mandritra ny iray volana izy ireo ka voaheloka ho faty izay manao izany. Ahoana no hivoahany amin'izany fandrika izany?[63]

---

[61] Ekosdosy 14, 1 Samoela 11, Estera 8:8
[62] Josoa 6.1, 1 Samoela 3, 2 Mpanjaka 5
[63] Daniela 6

***Fitaintainana saro-patarina***

Tantaraina amin'ny fomba hafa mba tsy hahafantarana azy ny tantara efa diso fantatra loatra:

- Oay! Maizina be ato izany. Aiza aho izany? Marary ny lohako izany! Izay vao tadidiko, saika novonoin'izy ireo aho! Tompo o! aza avela ho faty ato anaty lavaka ato aho! Fanatrao ve hoe iza no resahina eto?[64]

### 3. Afeno izay ho tohiny

Rehefa nisafidy izay ho mahery fo sy izay fanambiny ary ny endriky ny fitaintainana dia rakofantsika ao anatin'ny tontolo, loko ary fihetseham-po ilay tantara mifono fanaovana vy very ny aina.

#### a. Halalino ilay tantara

Raha avy aminy Baiboly ilay tantara dia tsara hatrany ny mandinika ilay lahatsoratra mba hanakarana ny hevitra lalina fonosiny. Hanana fomba fijery hafa kokoa isika rehefa mampiasa dikan-teny samihafa.

- Ny *mpampianatra dia tokony hanana tombom-pahalalana noho ny mpianatra.* Mila mamaky ireo *andininy mira zotra* ihany koa noho izany ny mpampianatra[65].

- Fanampin'izany dia hifantoka amin'ny konteksta ara-jeografika, ara-tantara, ara-kolontsaina, ara-paha-salamana ihany koa ny mpampianatra. Rehefa nomen'ny rainy baiko haka vaovao mahakasika ny rahalahiny Josefa dia nanaiky ny handeha 100 Km izy. Tsy niahotra akory izy. Akory izato fankatoavany![66]

- Mety tena ilaina ny fananana Baiboly misy fitanisana andininy eo afovoany na eo ambany, kokordansa na diksioneran'ny Baiboly.

Ny fanasitrananana boka[67], tantara ahitana andininy 4 dia mety ho lasa fitantarana ny mombamomba azy. Ireto misy sosokevitra fikarohana izay hanampy antsika hitantara azy amin'ny fomba tsaratsara kokoa:

- Inona no atao hoe habokana? Areti-mandoza mahazo ny hoditra, mamindra ary metetika mahafaty. Tsy mahatsiaro fanaintainana intsony ny ratsam-batana ary mihalany tsikelikely.

- Ahoana no ahalalana azy ao amin'ny Testamenta Taloha? Rehefa misy marika miseho eo amin'ny hoditra dia aseho amin'ny mpisorona. Rehefa natokana toerana mandritra ny herinandro ilay olona dia atao fizahana fanindroany hahalalana na mitombina na tsia ny fizahana[68].

[64] Josefa, Genesisy 37
[65] Mahakasika ny tantaran'ilay boka, jereo ny Marka 1:40-46, Lioka 5:12-16.
[66] Genesisy 37:13
[67] Matio 8 :1-4
[68] Araka ny voalazan'ny Levitikosy 13.

- Ahoana izany hoe boka izany ? Noheverina ho toy ny tsy madio izy ka tsy mahazo miara mipetraka amin'ny fiaraha-monina.69

- Inona no dingana mila ataony raha toa ka sitrana izy? Tsy maintsy manao fizahana vaovao indray izy ary manao sorona.70

### b. Aseho toy ny olona tena misy ilay mahery fo

Mba hampatsiro ilay tantara dia afaka omena anarana, taona, asa, toerana eo avon'ny ankohonana ireo mpandray anjara samihafa. Herman Ter Welle, mpitory Filazantsara avy any aminy firenena Hollande dia manasa antsika hanakipy maso rehefa manomana tantara…ny antony dia mba hakana sary an-tsaina amin'ny fomba tsaratsara kokoa. Afaka maka sary an-tsaina ny loko, ny feon-javatra, ny hanitra isika amin'izay. Tena ankafizin'ny ankizy ireny antsipirihan-javatra ireny.

Faritantsika amin'ny lafiny ara-jeografika, ara-toetr'andro na ara-kolontsaina ihany koa ireo hetsika. Ilay boka ohatra mety ho raim-pianakaviana, na vao nifofo vehivavy ho vadiny na mety ho adolantsento ihany koa… Betsaka ny ohatra azo eritreretina satria ny Soratra Masina tsy maneho mazava ny mombamomba azy. Ny fanajantsika ny lahatsoratra dia asehontsika amin'ny filazana mazava fa tsy ao amin'ny lahatsoratra ireo antsipirihany madinika ireo fa zavatra heverintsika ho endrika nisehoany ihany.

Azo heverina hoe Jonatana ohatra ny anaran'ilay boka, telopolo taona izy ary mpanao kiraro. Rota no vadiny, manan-janaka roa izay telo sy dimy taona izy. Tamin'ny lohantaona no niseho ny tantara, tamin'ilay nanomboka nangatsiaka iny…

Ny fanontaniana manaraka dia hanampty antsika hiditra ao amin'ny fisainan'ilay mpandray anjara:

- Inona no nesorina taminy teo amin'ny lafiny asa sy fidiram-bola?

- Ahoana no fomba ifandraisany amin'ny ankohonany?

- Aiza izy no matory?

- Mangataka ve izy?

- Manamelo-tena ve izy sa mikomy?

- Manao ahoana ny fandroson'ny aretiny?

- Ahoana ny fiatrehan'ny ankohonany ny fiainana? Ataon'ny olona tondro-molotra ve izy sa ampiany?

- Ahoana no fomba nandrenesan'i Jonatana ny amin'i Jesosy?

- Inona no fisalasalana nanafika azy mialoha ny handehanany manatona ny Mpampianatra?

- Ahoana ny fihetsiny nanoloana ny fahasitranany?

[69] Levitikosy 13:47
[70] Levitikosy 14

- Ahoana ny fihetsiky ny ankohonany, ny mpifanolo-bodirindrina aminy sy ny mpiara-miasa aminy rehefa niverina nody izy?

**4. Manao ny drafitry ny tantara**

Tahaka ny sarimihetsika, ny tantara ihany koa dia azo ***zarazaraina ho seho maromaro***. Isaky ny miova toerana, daty, mpandray anjara isika dia miova seho vaovao. Ny mpanatontosa mahay dia manisy lohateny ny seho tsirairay ary mamintina azy amin'ny fehezanteny fohy.

Ity ny famintinana ny lohahevitsika:

*1. Fanolorana ny mahery fo*

Ny toeram-piasany sy ny ankohonany izay manohana azy am-pitiavana…

*2. Ny fahatairana!*

Nisy tasy fotsifotsy mampiahiahy mafy.

*3. Fizahana tany amin'ny mpisorona*

Didy nivoaka: herinandro tsy mety tapitra.

*4. Fanamarinana ny didy nivoaka sy fitokana-monina*

Voaroaka hiala ny tananany, natory ivelan'ny trano, mijery alafitra ny tranony amin'ny maso bongon-dranomaso.

Manatitra sakafo ho azy amin'ny toerana ifanarahana ny ankohonany.

*5. Ny fomba fiatrehan'ny ankohoany ny fiainany.*

Nahilikilika, mitomany ihany koa ny vadiny ary miezaka mamelona ny ankohonany.

*6. Naheno izy fa manao fahagagana Jesosy*

Miady mafy ny feon'ny fieritreretany: raha nahasitrana jamba ny Mpampianatra, azo antoka fa ho afaka hanadio ny boka koa Izy; fa ny olona tsy madio ve mahazo manatona ny Raby?

*7. Fihaonana*

Niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy izy. Sitrana izy tamin'ny fikasihan'ny mpampianatra izay nandidy azy mba hadio.

*8. Fiverenana toy ny mpandresy*

Nahita indray ny ankohonany izy ary nitantara ny fahasitranany.

Andeha ho raisintsika ny fanoharana ny amin'ilay mpanompo ratsy fanahy[71], ireto ny lohateny, anjaranao kosa ny manome ny famintinana.

[71] Matio 18.21-35

1. *Ny* fanontanian'i Petera: im-piry no tokony hamela heloka?

……………………………………………………………………………………………..

……………………………………………………………………………………………..

2. Ny nitsarana ilay mpanompo teo anatrehan' ny mpanjaka

……………………………………………………………………………………………..

……………………………………………………………………………………………..

3. Fihaonana tamin'ilay ananana trosa

…………………………………………………………………………………………….

……………………………………………………………………………………………..

4. Nambaran'ny vavolombelona tamin'ny mpanjaka ny zava-niseho

……………………………………………………………………………………………..

……………………………………………………………………………………………..

5. Ny didy navoakan'ny mpanjaka

……………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………….

6. Fonja sy mpampijaly

…………………………………………………………………………………………….

……………………………………………………………………………………………..

7. Famintinan'i Jesosy: Toy izany koa no ataon'ny Raiko aminareo raha tsy mamela keloka amin'ny fonareo rehetra ianareo.

……………………………………………………………………………………………..

……………………………………………………………………………………………..

Misy tombontsoa maro azo avy amin'ity rafitra ity:

- Manamora ny fitadidiana ny tantara.
- Ahafahana mandanjalanja amin'ny fomba mirindra.
- Manampy antsika hitantana tsara ny fotoana mandritra ny fitantarana.

Amin'ny ankapobeny arakaraka ny hisaintsainana, hanomanana, hampivelarana ary hitantarana ny tantara no maha tsara azy.

## 5. Fampidirana ny tantara

Hatsiro kokoa ny fampidirana raha efa voafaritra ny zavatra ho resahina, ny fotoana mampitaintaina ary ny planina. Ny tanjona dia ny ***hamoha ny fahalinana***. Rehefa fohy, manaitra, mampihomehy indraindray ny fampidirana dia *manomana* ny ankizy hihaino, toy ny tetezana mampita ny ankizy ho ao amin'ilay tantara izy amin'izay.

Fampidirana isan'ny ratsy indrindra ny fanaovana toriteny mahakasika ny maha-zava-dehibe ny fihainoana. Fomba tsara indrindra hamoronana atmosfera mavesatra sy feno fikomiana[72] ny fanaovana ny toy izany. Ireto misy hevitra vitsivitsy hamohazanao amin'ny fomba miabo ny ankizy mihaino anao.

### a. Fanontaniana

Alohan'ny hitantarana ny nampitsaharana ny tafiotra dia anontanio ny ankizy hoe: "Inona no zavatra mampatahotra anareo?" Vatany vao voasarika ny mpihaino, avy hatrany dia tohizo: "Fa izao, hitantara aminareo tantara tena marina aho izay miresaka lehilahy maromaro izay tena natahotra mafy mihitsy…"

### b. Sary

Manehoa sarina ankizy vavy kely miaraka amin'ny saka keliny, asaivo ambaran'ny ankizy izay mety ho fihetseham-pon'ilay mahery fo kely: "Faly izy, sambatra, mirehareha…" Avy eo dia anehoy sarina taolana izy ireo ary anontanio izay sary tian'izy ireo. Tsy maintsy hoe ilay voalohany no ho tiany. Ny lohahevitra mety ho toy izao: "Ny sasany mankalaza ny fetin'ny maty, fa anio kosa isika hanao fety ho an'i Jesosy, Ilay Tompon'ny aina!"

### c. Biby[73]

Afaka mampiasa tantara kely mahakasika biby isika ho fampidirana. Azo atao ihany koa ny manao ny feony ary avela hamantatra ilay biby amin'ny alalan'ny feony ny ankizy: feon'ondry, mampatsiaro an'i Davika ilay zazalahy mpiandry ondry, feona goaika ho an'ny tantaran'i Elia izay nofahanan'ny goaika…

### d. Zavatra

Fanjaitra, fitoeran-jiro, fehikibo, vola madinika, harato, perla, eny mety ho vera misy rano dia samy zavatra mifandray amin'ny fampianaran'i Jesosy avokoa. Hipetraka ao amin'ny fitadidian'ireo ankizy mihaino anao ireny.

Afaka asaina mankafy mijery asa tanana toy ny labozia na sary hoso-doko koa izy ireo. Mirehareha ery ny mpamorona azy satria asa tanana tsy misy mitovy aminy ilay izy. Toy izany koa, isika dia manokana ho an'Ilay Mpahary antsika.

---

[72] Amin'ny fiandohan'ny fihaonana no anomezana ireo fitsipika miaraka amin'ny vokatra entiny avy. Bill Wilson, ohatra dia mampifaninana hazakazaka ny ankizy lahy amin'ny ankizy vavy. Samy mahazo fankasitrahana avokoa ny vondrona roa. Raha sendra misy tsy fankatoavana fitsipika dia vakiana ny "ballons" izay an'ny vondrona niparitaka. Rehefa vaky ny fahefatra, ny vondrona nanakorontana dia tsy mahazo ny fankasitrahana voaomana ho azy fa omeny ny vondrona iray.

[73] Jereo ny boky nosoratan'i W. L. Coleman mitondra ny lohateny hoe "*Des animaux qui nous enseignent »,* edisiona SEL.

**e. Lesona *tsoahina avy amin'ny zavatra hita maso***

Matetika Andriamanitra dia maneho an-tsary ny fisainany amin'ny alalan'ireo zava-miseho amin'ny fiainana andavan'andro. Abrahama dia nasaina nanisa ny kintana mba hahazoany an-tsaina izay ho hamaroan'ny taranany. Nentina tany amin'ny mpanao tanimanga izay namotika ny asa-tanany teo imasony mba hahafahany manamboatra azy ho tsara kokoa Jeremia mpaminany.

- Ho fanehoana ny fanoharana mahakasika ilay mpanompo ratsy fanahy dia afaka mampiasa taratasy miorina fitondra any amin'ny trano fivoahana ny mpampianatra. Asiany boribory maromaro ilay taratasy ary sintoniny mba hivaha. Azavainy fa vonona ny hamela heloka im-pito Petera. Sady tondroiny ireo boribory fito voalohany no mitantara tantaran'ankizy izay namela heloka izy. Vahany indray ilay taratasy sady ambarany fa Jesosy dia mitaona antsika handeha alavitra kokoa, fito impitopolo, izany hoe in-490. Tsy voafetra ny famelan'Andriamanitra heloka ary antsoina hanahaka Azy isika. Fampidirana tsy ho hadino mihitsy!

- Claire-Lise de Benoit ohatra dia maneho ny tanany mikombona, sady miteny hoe: "Manana zavatra aho ato anatin'ny tanako, kely izy io ary miloko manja, mbola tsy nisy nahita sady tsy hisy hahita intsony. Mino izany ve ianareo?" Mizarazara ny hevitra… Mba hanehoana ny fahamarinany dia sokafany ny tanany ary asehony voanjo iray. Voasany ilay voanjo ary oaniny ilay voany izay tsy nisy nahita mihitsy. Marina ny zavatra nambarany![74] Inona no atao hoe finoana? Ny finoana dia fanekena fa marina izay nambaran'ilay olona niteny. Ny finoana an'Andriamanitra dia fanekena ny teniny; tsy sarotra araka ny ieritreretana azy!

- Mitondrà boaty fasiana vatomamy miendrika fo, fifaliana ho an'ny ankizy hatrany ny mihinana sokola! Asaina misy ankizy iray mijery mangingina izay ao anatiny… Vao nanokatra fotsiny ilay boaty izy dia naneho fihetsika rikoriko mahakasika ny fofona henony. Ny antony dia nisy lamba novontosana vinaingitra ilay boaty! Mety heverina ho zazalahy tsara toetra isika ety ivelany, na zazavavy tsara fanahy, saingy Andriamanitra kosa mijery ny fo. Ratsy fofona na ny laingantsika, na ny tsy fankatoavantsika; tsy afaka fitahintsika Andriamanitra. "Ny fonao ve mba tsara fofona?"

- Ho fampidirana ny tantaran'i Bartimeo jamba dia afaka tapenantsika ny mason'ny ankizy iray ary asaina miala ireo sakana apetraka eo alohany izy.

**6. Asongadina ny famaranana**

Mila mahalala izay zavatra andrasan'Andriamanitra aminy ny ankizy, izay mila ovana eo amin'ny fiainany: ***izay no antsoina hoe fampiharana pratika*** (taloha dia fanatsoahana ny moralin'ilay tantara no nilazana azy). Tamin'ny fanombohan'ny fanompoako, rehefa avy nitantara ny fanoharana mahakasika ny zanaka adala aho dia nisy ankizy iray nanome lesona tsy hay hadinoana ho ahy: "Tsy misy azo izay tianao

[74] Ambarany fa "Izay ambaran'Andriamanitra amintsika dia natao hinoantsika na dia tsy hitantsika aza. Tsy hitantsika Jesosy izay nirahin'Andriamanitra ho antsika, saingy afaka mino isika fa misy Izy satria ny Baiboly, Tenin'Andriamanitra no niteny izay tamintsika. In-dray andro dia ho avy indray Izy ary hahita azy ny olona rehetra. Saingy efa tara loatra raha amin'izany ianao vao hino, satria ho avy hitsara Izy."

hambara aminay amin'izao fotoana iainatsika izao!" Hadinoko tanteraka ny nanao fampiharana! Tsy hitan'ireto ankizy nihaino ahy ny ifandraisan'ilay tantara mahakasika lova amin'ny fiainan'izy ireo manokana! Saingy, raha azoko tsara ny tanjon'ilay lesona dia ho niresaka tamin'izy ireo ny amin'ny fiovam-po aho ary nampifandray ny zavatra nahazo ilay zanaka adala sy ny fiainan'izy ireo.

**Ahoana no fisorohana ireo anatranatra ara-moraly mankaleo?**

***Ampifanaraho amin'ny fiainana andavan'andro ny famaranana***

Aza mionona amin'ny filazana ny zava-niseho ara-tantaran'ilay tantara fotsiny fa mandehana alavidavitra kokoa. Ampio ny ankizy handray ireo fitsipika ara-Baiboly ary hampiditra izany eo amin'ny zavatra iainany. Ohatra, tamin'ny ady nifanandrinan'i Davida sy Goliata, ho voakasika manokana amin'ireo fanontaniana izay mifandray amin'ny zavatra iainany ny ankizy: "Iza no Goliatanao? Inona no mampatahotra anao eny an-dalana mankany am-pianarana, any an-trano, ao am-pianarana? Ahoana no ataonao mba hiatrehana izany? Rehefa avy nandinika ny amin'ireo fiadian'Andriamanitra[75] ity zazalahy kely izay tsy sahy intsony nijoro ho vavolombelona tany am-pianarany noho ny fanamarihana nataon'ny mpampi-anatra azy dia nanapakevitra fa haneho ny finoany amin'ny fanaovana ny sarin'ireo fiadian'Andriamanitra ireo eo amin'ny fonon'ny kahie-ny. Niala tsikelikely ny tahotra, ny henatra, ary nitsahatra koa ny fanamarihana feno fanoherana.

Arakaraka ny anehoantsika zavatra mari-pototra (iza, oviana, inona, aiza…) no ahazoan'ny ankizy ny andraikiny:

- Ahoana no fomba anehoany fa tiany ny ankoho-nany? Amin'ny tsy fametahana siligaoma ao ambany seza intsony? Amin'ny tsy fisintonana intsony ny volon'ny anabaviny? Amin'ny fanehoany ny tenany ho toy mahery fo manamboatra ny fandrinany isan'andro tsy miandry baiko?

- Ahoana no hanampiany ireo ankizy izay ampijalian' ny hafa any am-pianarana? Hampindrana azy ny kilalao ve izy, hanasa azy ho any amin'ny ekipa mpilalao baolina, hiaraka aminy sy hiaro azy rehefa mandeha mianatra?

***Ataovy misy aina toy ny ao amin'ilay tantara***

Tokony ho fotoana mampientanentana sy marevaka ny fampiharana. Raha nampiasa fitaovana fanazavana hita maso isika (sary, zavatra, mpialalao an-tsehatra) dia tokony hiomana ho amin'izany ihany koa isika amin'ny fotoanan'ny fampiharana.

*Hialana amin'ny fahatapahana* amin'ny tantara sy ny famaranana dia tokony ho liana hihaino hatrany ny mpi-haino. Ohatra, raha nisy mpilalao an-tsehatra nandray anjara dia mijanona eo izy ireo mandritra ny famaranana.

***Amin'ny fanatsofohana ny fampiharana ao anatin' ilay tantara***

[75] Jereo ny Efesiana 6

Ao amin'ny tantaran'ilay reny akoho[76] dia rehefa naneho ny fisainany tamin'ny feo mahery ilay mpiompy no manomboka ny famaranana. Izany hoe, mitohy ny tantara na dia efa naseho aza ny lesona tsoahina. Ho an'ireo efa lehibebe dia azontsika atao ny manampy ***fononteny fohy arakaraka ny fandroson'ny tantara.*** Ohatra, rehefa avy nanomboka ny tantaran'ilay mpanompo ratsy fanahy isika dia afaka manampy hoe: "Eritrereto anie e! Raha toa moa Andriamanitra ka mangataka antsika hanonitra ireo fahadisoana rehetra nataontsika, ahoana no fomba handoavantsika izany?" Avy eo, amin'ny fizarana maha-kasika ilay sakaiza nanana trosa kely: "Tena marina fa mamela antsika Andriamanitra, fa isika kosa ahoana? Sorena isika rehefa misy manao fanamarihana maha-sosotra antsika." Ny fizarana tsirairay noho izany dia afaka anaovana fampitahana fohy izay entina hanairana sahady ny mpihaino.[77]

***Ataovy fohy***

Rehefa tapitra ny tantara dia mihena ny fahalinana. Raha ny marina dia arakaraka ny maha-maro ny mpihaino no mila mianatra tsy be resaka isika.

***Soraty ny drafitry ny fampiharana***

Amin'izay dia ho voafehintsika ny teboka fanalahidy ary hanala antsika amin'ny fanadinoana ihany koa ny fanao-vana izany.

Amin'ny ankapobeny dia ireto hita ao amin'ny drafitra:

- Fiampitana fohy.
- Fampitahana ny tantara sy ny mpihaino (tahaka…, mampatsiaro an'i…)
- Fampiharana.

Andeha horaisintsika indray ny tantaran'ilay reny akoho. Ho hitantsika ao ireo singa telo ireo.

- Fiampitana

Tohina tamin'ny zavatra niseho ny fon'ilay mpiompy ka nanala ny satrony izy sady niteny hoe: "Manolotra ny ainy ho an'izay tiany, izany marina ny fon-dreny! Tsy misy fitiavana lehibe noho izany."

Toy izao no soratantsika: - Manolotra ny ainy = reny.

- Fampitahana

"Toy izany ihany koa no nataon'Andriamanitra, Izy izay nanome an'i Jesosy Zanany mba hamonjy antsika amin'ny afobe." Iza moa no tsy mbola tsy nankato, nandainga, nangalatra? Ho famonjena antsika amin'ny fahadisoan-tsika, Jesosy dia niaritra ny afoben'ny hazo fijaliana.

Toy izao no soratantsika: - reny = Andriamanitra

---

[76] Jereo ny fizarana faha 2.

[77] Wendy Hanna no nanome ity fampianarana ity. Adiresy: 10, rue de Musset, F-75016 Paris.

- Iza no nanota? Isika rehetra!

- Azo vonjena avokoa ny olona rehetra: Niaritra ny afoben'ny hazo fijaliana Jesosy.

- Fampiharana

Telo andro taty aoriana dia velona Izy. Nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary miantso anao Izy ankehitriny hanatona Azy. Tsy efa niteny ve Izy hoe: " « … impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, fa tsy nety ianareo! »[78]

Inona no hataonao? Hiezaka hamonjy ny tenanao samirery tahaka ilay zanak'akoho zokiny indrindra, sa hifona sy hangataka famelana Aminy ary hametraka ny fahatokiana Aminy? Izany no safidy lehibe indrindra eo amin'ny fiainanao.

Toy izao no soratantsika: - Telo andro taty aoriana: Nitsangana jesosy. Miantso antsika Izy.

- Inona no hataonao? Hanao tahaka ilay zokiny sa hanatona an'i Jesosy?

**Karazana famaranana**

Afaka aorina amin'ny fanontaniana, na sary fanaza-vana, na andininy ny fampiharana ary matetika dia faranana amin'ny vavaka fohy.

**a. Fanontaniana**

Matetika aorian'ny fanoharana dia manontany ny mpihaino Azy Jesosy ary mitarika azy ireo haneho ny heviny:

- Iza no tia azy kokoa?

- Inona no hataon'ny tompon'ny tanimboaloboka?

- Iza amin'ireo telo ireo no naman'ilay notafihan'ny jiolahy?[79]

**b. Sary fanazavana**

Taorian'ny adihevitra mahakasika ny fahefany, Jesosy dia nitantara ny tantaran'ilay zanaka roa lahy[80]. Tamin'ny alalan'ity fanorahana ity no nampitandremany ny mpisorona fa mialoha lalana azy ireo ho ao amin'ny fanjakana ny mpamory hetra sy ny mpijangajanga. Nefa toa tsy ampy ity sary an'ohatra ity satria nanampy iray hafa miresaka lohahevitra mitovy ny Mpampianatra dia ny amin'ny tanim-boaloboka. Nofaranany tamin'ny alalan'ny fanehoan-kevitra toy izao izany: "Noho izany fanjakan' Andriamanitra dia hesorina aminareo ary homena ny hafa firenena." Ny fahatezeran'ny mpisorona dia maneho fa azony ny hafatra tamin'ity indray maka ity.

[78] Matio 23:37
[79] Lioka 7.4, Matio 21.33, Lioka 10.36.
[80] Matio 21.23-32.

Afaka manaraka ny ohatr'i Jesosy ihany koa isika amin'ny famaranana ny tantara amin'ny alalan'ny sary fanazavana na fijoroana vavolombelona izay manindry ilay lohahevitra fototra.

- Taorian'ny tantara ny amin'ilay mpanompo ratsy fanahy:

Babon'ny firavaka vita amin'ny perla izay an'ny reniny i Sophie. Nanararaotra ny tsy naha tao ny reniny izy ka nipaozipaozy niaraka tamin'ny firavaky ny reniny nanoloana ny fitaratra. Nihazakazaka ny fotoana, tampoka teo tonga i neny! Tao anatin'ny fikoropahana dia niezaka nanala ny haingony tamin'ny fomba miambakavaka i Sophie. Loza! Tapaka ny kofehy ka niparitaka tamin'ny tany ireo perla. Efa eo an-tokonam-baravarana i neny, nijery azy tamin'alahelo. Nitomany mafy Sophie. Nampionona azy ny reniny, ary nanome toky fa hamela azy. Nandritra izay fotoana izay dia norovitin'ny zandriny ny sarin'i Sophie. Rehefa hitany izany dia nitabataba mafy Sophie ary nilaza fa hopotehiny ny kilalaony rehetra! Voasakan'ny reniny tamin'ny fotoana izy! "Sophie, namela anao tanteraka aho ny amin'ilay firavaka. Ianao ihany koa mila mamela ny zandrinao."[81]

### c. Andininy

An-dalana ho any Damaskosy hamotika ny fikam-banan'ny kristiana i Paoly avy any Tarsosy. Voasakan'ny fahitana mampahajambena izy. Tsy nahita ny masony ary nentina tany Damaskosy izy, ary tany no nahasitrana azy sy nandraisany antso vaovao.[82] Tonga apostolin'ireo izay tsy Jiosy izy. Ahoana no hampitana ny akon'izany fiovana mahagaga izany? Ity andininy ity no sosokevitra atolotra : "Ary hoy indray Jesosy taminy: Handeha Aho, ary hitady Ahy ianareo, ary ho faty amin'ny fahotanareo; izay alehako tsy azonareo haleha."[83] Afaka manontany ny mpihaino isika manao hoe: "Ary ianao, aiza ianao no mandeha?" Indraindray ny ohatra niainana (fahatezerana/ halemempanahy, lainga/fandehana amin'ny fahamari-nana…) dia mety hanindry izany antso izany.

Aorian'ny tantara ny amin'i Zakaiosy dia afaka manindry amin'ny alalan'ity tenin'i Jesosy ity isika: "tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao aho anio"[84] Misy karazana trano maro be eto an-tany. (afaka manao sarina trano boribory hita any amin'ny toerana misy ranomandry, na trano hazo, na trano lay, sns… ary avela ny ankizy hilaza ny anaran'ireny trano fonenana ireny.) Saingy ny tena tranontsika, izay onenantsika amin'ny fotoana rehetra dia… (avelao ny ankizy hikaroka). Tsy inona fa ny tenantsika! Ny trano sasany fotsy, ny sasany mainty na mavo. Samy tian'Andriamanitra avokoa izy ireny. Te-handroso amin'izy ireny tsirairay Izy ary honina ao. Mahafantatra anao ny Tompo ary tia anao Izy. Te-honina ao aminao Izy ary te-ho tonga namanao. Tianao ve ny hampandroso Azy ao amin'ny tranonao anio?

[81] Tantara kely notantarain'i Claire-Lise de Benoit.
[82] Asa 9
[83] Jaona 8:21
[84] Lioka 15.5b; ny sary fanazavana mahakasika trano dia fampianarana nomen'ny AEE.

### d. Vavaka fohy

Ny tantaran'i Akana[85] dia maneho fa tena mety ho lavo amin'ny fakampanahy hangalatra ny olona iray, sady isan'ny miaramilan'ny Tompo. Indrisy fa olana miseho matetika eo amin'ny ankizy sasany izany.[86]

- Tompo o! Te ho isan'ireo ankizy mahatoky aho.

- Fantatro fa tia ahy ianao ary omenao ahy izay rehetra tena ilaiko.

**Andeha hofintinitsika**

1. Alohan'ny handrafetana ny tantara dia fidio ny foto-kevitra tiantsika hampitaina amin'ny ankizy.

2. Ny tantara no fonosana velona izay manindry, manohana ary mampita ny fahamarinana.

3. Ao anatin'ny fampieritreretana rehetra dia misy mahery fo miatrika fanamby. Raha tiantsika ny hananan'ny mpihaino fihetanam-po dia tokony hifanaraka amin'ny fanambiny ny olana natrehan'ilay mahery fo. Omentsika lafin-javatra mampiavaka azy ilay mahery fo ary fantarintsika ny tontolo manodidina azy.

4. Manoratra ny fizotran'ny tantara isika amin'ny drafitra miendrika sary mba hotadidy tsara ilay tantara ary mba hahazo aina isika rehefa mitantara azy.

5. Mamorona fampidirana isika mba hisarihana ny fahalinan'ny ankizy amin'ny alalan' ny fanontaniana, na sary, na tantara fohy…

6. Fohy sy manindrona ny famaranana. Ho fitaomana azy hampihatra ny hafatra dia atao izay hampifanindran-dalana ny fiovaovan'ny fisehoan-javatra ao amin'ny tantara sy ny zavatra iainanan' ny ankizy.

Anjaranao ary izao! Ny tantara tsara indrindra dia izay notantaraina im-betsaka indrindra. Aza hadino ny mitahiry anatina kilasera ny fanomananao mba ho azo jerena sy hatsaraina ary ampindramina. Ny boky mitondra ny lohateny hoe "ahoana no hanatsarana ny fampitanao hafatra" dia hanampy anao hamorona fitaovana fampitana hafatra.

[85] Josoa 7.21
[86] Tsara raha asaina hiresaka aorian'ny fivoriana ireo izy efa nangalatra.

# Fizarana fahadimy
# Manaova planina ho an'ny lesontsika

Nahazo vola tamin'ny alalan'ny loka ity tonora iray tia manao dia feno sedra. Feno fifaliana loatra izy ka nihazakazaka nankany amin'ny mpikarakara dia nividy tapakila handehanana fiaramanidina. Rehefa nanontanian' ilay tompon'andraikitra izy ny toerana halehany dia tsy hitany izay havaly. Ny hany masaka tao an-tsainy dia ny handeha fa tsy mampaninona azy izay toerana haleha. Somary tezitra ilay mpiasa ka nanamarika taminy fa raha tsy fantatra ny toerana halehany dia tsy afaka manapaka ny tapakila izy. Lasa ilay namantsika sady sorena no nimenomenona hoe: "Ny an'itony mpivarotra itony koa tiany ho fantatra mialoha avokoa ny zavatra rehetra!"

Mety hampihomehy antsika izany, saingy moa ve ny lesontsika matetika tsy mivangongo sy misavoritaka, tsy misy tanjona sy tsy misy fifandraisany mazava?

Efa hitantsika ny fomba handrafetana programan-desona ; andeha hieritreritra mahakasika ny fanaovana planina lesona maromaro mitohy indray isika ankehitriny.

**Fampidirana ny ankizy ao amin'ny ankohonan' Andriamanitra**

Rehefa mandray ankizy tsy mandeha any amin'ny fiangonana isika dia ny klioba no hany sehatra fanovozany fahalalana. Ny tanjontsika mazava ho azy dia ny ***hampiditra azy ireny ao amin'ny ankohonan' Andriamanitra****.*

Mandrakotra lafin-javatra marobe ny Baiboly. Fahen-drena noho izany ny mametraka *zotra* tokana ahitana fampianarana maromaro mifandimby. Andeha ampatsia-hivina ireo fototra dimy ho amin'ny fiovam-po:

1. Tia ahy ny Mpahary.
2. Nosimbain'ny ota ny zavatra rehetra !
3. Maty sy nitsangana tamin'ny maty ho ahy Jesosy Kristy.
4. Te hiova aho.
5. Mandray Azy ho Tompo aho.

Azo atao lesona dimy io planina io.

Alohan'ny hanomezana io planim-pamonjena io dia miezaka *manatona ny ankizy* eo amin'izay misy azy isika. Ny dikan'izany dia mila heverintsika manokana ny tontolo ara-pivavahana misy azy sy ireo fahalalana efa noraisiny. Raisintsika ireny singam-pahalalana efa voaray ireny mba hitondrana azy alavidavitra kokoa.

***Tontolo ara-pivavahana silamo***

Nandray mahakasika ny amin'Andriamanitra Mpahary izy ireo sy mahakasika ny tsara sy ny ratsy ary ny voka-dratsy entin'izany mandrakizay.

Velarintsika manokana ny fanontaniana ***hahalalana hoe Iza moa Jesosy.*** Atolotsika ho toy ny ***Mpamonjy*** Izy. Ampiantsika ilay ankizy hahafantatra ny fitiavan'ny Ray sy ny maha-akaiky Azy.

***Tontolo ara-pivavahana mino ny fisian'ny fanahy amin'ny zavatra hita maso***

Asongadintsika ny ***fiambonian'i Jesosy manoloana ireo fanahy ratsy,*** fepetra manan-danja hahafahany manao dingana feno fanapahan-kevitra izany.

***Tontolo ara-pivavahana kristiana***

Tsindriantsika manokana ny filana fanekena miaraka amin'i Kristy.

***Tontolo tsy mino an'Andriamanitra***

Mamafy voa ho amin'ny finoana miorina tsara isika: tsy vokatry ny kisendrasendra isika, fa ***olona noharian' Andriamanitra, olombelona tiana.***

Ireto misy lesona mitohy dimy izay azo ampiasaina hampidirana ny planim-pamonjena na ho fototra iorenan' ny planim-pamonjena ho an'ireo karazan'ankizy ireo. Azo heverina ho toy ny fanomanana ho amin'ny fitoriana ny Filazantsara izy ireo.

***Ankizy avy amin'ny fivavahana silamo***

*Mahery Jesosy, tsy misy maharesy Azy! Sao dia mba tsy olona tsotra fotsiny Izy?*

1) ***Mahery noho ny zava-boary***: Ny nampan-ginana ny tafiotra, ny nanamainana ny aviavy…

2) ***Mahery noho ny aretina***: Ny nanasitra-nana ny boka, Bartimeo…

3) ***Mahery noho Satana***: Ilay zaza tratran'ny fanintona, ilay lehilahy Gadareniana…

4) ***Mahery noho ny ota***: Ilay lehilahy malemy, ilay vehivavy tratra nijangajanga…

5) ***Mahery noho ny fahafatesana***: Lazarosy, zanaka vavin'i Jairo…[87]

***Ankizy avy amin'ny fivavahana mino ny fisian'ny fanahy amin'ny zavatra hita maso***

Mino Andriamanitra Mpahary izy ireo saingy miantso fanahy mpanelanelana, voaary mampihorohoro sy sarotiny izay miazona azy ireo ao anaty tahotra sy mambabo azy amin'ny ireo fombafomba netim-paharazana tsy mifaditro-vana.

Ireto lohahevitra dimy "mahery noho" ireo dia afaka ampiasaina amin'ity tontolo ity. Raha azon'ilay ankizy fa mahery lavitra ny Andriamanitry ny kristiana dia haniry

[87] Matio 8.23-27, Marka 11.11-26, Marka 1.40-46, Lioka 19.1-10, Marka 9.14-28, Lioka 8.26-39, Marka 2.1-12, Jaona 8.1-11, Jaona 11.1-44, Marka 5.22-43.

hanome Azy ny fiainany izy. Ny Testamenta Taloha dia maneho tsara ny fiainan'ireo ankizy ao anatin'ity tontolo ara-pivavahana ity.

1) ***Mahery noho ny zava-boary:*** Elia sy ny orana…

2) ***Mahery noho ny aretina:*** Namana sy ny habokana…

3) ***Mahery noho Satana:*** Ny bibilavan'i Mosesy nitelina ny an'ireo mpanao mazia…

4) ***Mahery noho ny ota:*** Ilay menarana varahina…

5) ***Mahery noho ny fahafatesana:*** Ny nitsanganan'ilay zanaka lahin'ilay vehivavy Sonamita tamin'ny maty...[88]

***Ankizy avy amin'ny tontolo ara-pivavahana kristiana***

Manana fahalalana mahakasika an'Andriamanitra ireo ankizy ireo, saingy tsy manana fifandraisana Aminy. Tsy mbola nanao dingana mazava izy ireo. Tsy mbola naza-vaina taminy fa azo atao ary tsy azo ialana ny mifandray amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy. Ho azy ireo ny fivavahana kristiana dia azo fintinina hatrany amin'ny anatranatra mampandositra fifaliana. Toy izao ny lohatenin' ity lesona mitohy ity:

***Ny fitiavan'i Jesosy***

1) ***Fitiavana mahatoky***, na dia mahafoy anao avokoa aza ny olona rehetra, Izy kosa hanampy anao: Ilay samaritana tsara fanahy…

2) ***Fitiavana mahery,*** afaka manome izay ilainao Izy: Fampitomboana ny mofo…

3) ***Fitiavana marina,*** na dia manao tsinon-tsinona anao aza ny olona rehetra, Izy kosa mihaino anao: Bartimeo…

4) ***Fitiavana feno hatsaram-panahy,*** tonga hamonjy anao Izy fa tsy hanafay: Ilay ondry very…

5) ***Fitiavana matanjaka,*** afaka manova anao Izy: Zakaiosy…[89]

Afaka hikasika ireo ankizy avy amin'ny tontolo ***tsy mino an'Andriamanitra*** ihany koa ity fomba iray ity. Ho an'ity vondrona iray ity ny fanehoana ny zava-boary amin'ny alalan'ireo vavahadin-tsaina dimy, izay efa noresahintsika dia tena zava-dehibe.

**Dingana voalohany ho amin'ny fiainana kristiana**

Rehefa nitsangana tamin'ny maty ilay zanaka vavin'i Jairo dia **avy hatrany** dia nasain'i Jesosy nomena sakafo izy: ny fitoriana Filazantsara sy ny fampiorenana dia tsy afa-misaraka. Midika inona ny famonjena ankizy iray raha toa ka avela ho fatin'ny hanoanana izy? Rehefa niova fo ny ankizy iray dia mila ny fanohanantsika izy mba

[88] 1 Mpanjaka 17-18, Jaona 6.1-15, Lioka 10.30-37, Lioka 15.1-7, Lioka 19.1-10.
[89] Lioka 10.30-37, Jaona 6.1-15, Lioka 10.30-37, Lioka 15.1-7, Lioka 19.1-10.

hampivelarany ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Afaka atao mifanindran-dalana[90] amin'ny fitoriana ny Filazantsara ny fampiorenana. Manomboka amin'ny fihaonana faharoa dia azontsika atao ny manasaraka ho vondrona roa ny ankizy mandritra ny hafatra: ireo izay efa nandray an'i Jesosy ho Tompony sy ireo hafa.

Ireto misy tari-dalana ahitana lesona maromaro mba hahafahan'ny ankizy mampivelatra ny **fifandraisany manokana amin'Andriamanitra**: fiderana, fangatahana, fivavahana ho an'ny hafa, fiekena heloka ary fihainoana dia samy atao avokoa.

1) ***Tia ahy Andriamanitra, misaotra azy aho:*** ireo boka folo.

2) ***Tia ahy Andriamanitra, mangataka ny fanampiany aho:*** ilay vehivavy mpitondra tena naharitra nangataka.

3) ***Tia ahy Andriamanitra, mangataka ny fanampiany ho an'ny hafa aho:*** ilay kapiteny sy ny mpanompony.

4) ***Tia ahy Andriamanitra, mangataka famelana Aminy aho:*** ilay zanaka adala.

5) ***Tia ahy Andriamanitra, te-hihaino Azy aho :*** Nihaino an'Andriamanitra inefatra Davida tany Keila. [91]

Azontsika aseho amin'ny alalan'ny ratsan-tanana dimy ireo lohahevitra ireo, mifandimby mitsangana ny tsirairay.

***Ny tanana***

1) ***Misaotra*** (ankihibe)

Rehefa te-haneho fa faly na te-haneho fankasitrahana dia atsotra ny sandry, akombona ny tanana, atsangana ny ankihibe : « Misaotra Tompo ! Misaotra noho ny amin'ny ray aman-dreniko, ny namako, ny masoko mahita, ny tongotro mihazakazaka… » ny teny voalohany ambara amin'Andriamanitra dia ny misaotra !

2) ***Miangavy anao*** (fanondro)

Toy izany no atao rehefa mananga-tanana any am-pianarana: "Azafady tompoko, manana zavatra hambara aminao aho." Toy izany koa no atao amin'ny Tompo, afaka tenenina Azy daholo ny zavatra rehetra. Raha matahotra: "Mangataka Aminao aho mba hiaro ahy". Raha marary kibo: "Mangataka aminao aho mba hanasitrana ahy". Eny fa na dia very aza ny lakile… Efa nampanantena Izy hoe: "Antsoy aho dia hovaliako ianao."[92]

---

[90] Fampianarana roa no omena: ny iray hanomezana sakafo ireo izay vao niova fo tonga manatrika ny fotoana ary ny iray kosa hanazavana ny amin'ny famonjena.
[91] Lioka 17.11-19, Lioka 18.1-8, Matio 8.5-13, Lioka 15.11-32, 1 Samoela 23.1-13.
[92] Jeremia 33.3a

3) **Tsy ho hadinoko izy ireny** (fanondro adala)

Izy no rantsana eo afovoany (raiso amin'ny tanana ilany ilay fanondro adala); eo afovoany izy, mahakasika azy izay rehetra manodidina azy. Izaho iany koa, afaka mieritreritra ny hafa aho: ny ray aman-dreniko, ny rahalahy sy anabaviko, ny mpampianatra ahy. "Tompo o! Ampio dadanay hahita asa, ampio aho hiresaka amin'ny namako izay mbola tsy mahalala Anao, ampio ny zokiko vavy mba ho afaka fanadinana."

**4)** ***Mifona*** *(manara-poana)*

Izy no rantsana mitondra ny peratra mariazy (atondroy azy ireo ny fanondro adala). Ny teny kely izay mampisy fiadanana eo amin'ny namako sy ny ankohonako dia ny teny hoe *mifona!* Rehefa nangataka famelana tamin' Andriamanitra isika dia nanao fanekena fihavanana tamitsika Izy.

Na oviana na oviana isika no manao izay mampalahelo Azy dia afaka miverina ao Aminy mangataka famelan-keloka isika. Miandry antsika hilaza aminy izay tsy mandeha amin'ny laoniny Izy: ny namako izay nahatezitra ahy, ny lainga nataoko tamin'ny ray aman-dreniko, ny zavatr'olona nindramiko fa tsy naveriko mihitsy… Rehefa mangataka famelana isika dia hamela antsika Izy ary hiverina indray ny fiadanana ary hanampy antsika hihavana amin'ny amin'ny hafa Izy.

**5)** ***Mihaino Anao aho*** (ankihikely)

Ny ankihikely no ampiasaina rehefa misikotra sofina! (ataovy ilay hetsika). "Tompo o! Nambarako taminao daholo ny zavatra rehetra: Misaotra… Miangavy… Tsy ho hadinoiko izy ireo… Mifona… Izao kosa dia mihaino Anao aho : «Inona no tokony hataoko amin'ny namako izay nanome lamosina ahy… Amin'ny rahalahiko mialona ahy…Omeo hevitra aho ny amin'ny tsingerin-taona nahaterahan'i Neny… »

Raha mahay mamaky teny ilay ankizy dia afaka omentsika Testamenta Vaovao izy ary ampianarintsika hihaino ny Tompo amin'ny alalan'ny teniny.

Rehefa tafapetraka ireo fototra ireo dia ho afaka miroso amin'ny fampianarana ara-Baiboly mivelatra kokoa isika. Omeo ny sakafo ara-panahy izay hahafahany miditra ao amin'ny dia mahafinaritry ny anto-pisiana tarihin' Andriamanitra ny ankizy.

# Fizarana faha enina

# Andeha hanomboka klioba

Asehon'i Jesosy amin'ny alalan'ny fanontaniana tsotra ny fepetra fototra mba ho mpiandry ondry : « Moa tia Ahy va ianao ? »[93] Io fitiavana io no manome hery sy fahendrena ho famahanana sy fiarovana ny ondry kely. Ao ambadiky ny finiavana hitory Filazantsara rehetra dia misy olombelona feno fiantrana ireo izay mbola very. Olona tena feno faharesen-dahatra ka hanao izay fomba rehetra hanombohana asa. Ny fanoloran-tenany tsy misy fangarony amin'ny Tompony no mahatonga azy hahajoro na inon-kidona na inon-kihatra.

Ny fanompoana mahery vaika izay hitaona ankizy anarivony ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia mety hanomboka eo ambody hazo miaraka amin'ny ankizy vitsivitsy! Ny asa nataon'ny Mpiara-mamaky ny Baiboly (LLB) dia nanomboka teny amoron-dranomasina. Tsy ataon'Andriamanitra tsinontsinona ny fanombohana amin'ny zavatra kely. Mofo dimy sy trondro roa dia ampy namahanana vahoaka maro. Izy no hanome izay rehetra ilainao, vola, mpanampy na traik'efa arakaraka ny handrosoanao! Tandremo fa izay miandry fampitaovana feno dia mety tsy hanomboka mihitsy.

Ny ekipanay "Porteurs de Vie" (JEM) dia mikarakaraka hetsika fitoriana Filazantsara maro any amin'ny firenena andalam-pandrosoana. Asaina ao anatin'izany ny ankizy ary ofanina ny mpampianatra ny ankizy. Klioba maro no niforona vokatr'ireny ezaka ireny. Matetika dia avy tamin'ny fitaovana faran'izay tsotra no nanombohan'ireny fanompoana ireny: tsihy, tsatoka nampifandraisina tamin' ny tady natao ho fefin'ny toerana fandraisana. Izay tena nampisy fahasamihafana dia ny fanoloran-tena feno faharetana sy an-tsitrapo avy amin'ireo mpiandraikitra an-toerana.

## A. Mametraha fototra tsara

### 1. Fiarovana ara-panahy

Tsy maintsy hisy fanoherana io asa io. Mitaky fahendrena goavana sy fiarovan'ny Tompo ny hahombiazany. Tsy maintsy miombona am-bavaka ny ekipa ho fanotronana io asa miantomboka io. Araka izay azo atao dia ***tena zava-dehibe ny fanohanan'ny fiangonana an-toerana misy anareo.*** Zarao amin'ireo izay mivavaka ho an'ny hafa izay fantatrao ny antom-bavaka. Josoa dia niady teo an-dohasaha raha Mosesy kosa nivavaka ho azy teny an-tendrombohitra.[94]

### 2. Rafitra

Raha mividy kiraro ianao dia fanirianao ny mba ho kiraro mampahazo aina ilay kiraro. Toy izany ihany koa, ny rafitra iasanareo dia tokony ho rafitra hanamora ny asanareo. Maro ny fomba azo aroso, azonareo atao ny:

[93] Jaona 21
[94] Eksodosy 17.8-16

- ***Mamorona ny rafitra ho anareo manokana***

Toy izany ohatra i Bill Wilson dia namorona ny “Metro Ministries”. Ny fomba fiasany dia narahina tany amin’ny kaontinanta maro.

- ***Maka aingam-panahy avy amin’ny rafitra efa misy***

Ny Fikambanana “Le Grain de Blé"[95] dia nanomboka klioba avy amin’ny fakana aingam-panahy tamin’ny fomba fiasan’ny AEE, avy eo dia nampifanarahiny tamin’ny fomba fiasany izany (famatsiana ara-bola, toerana, fampiasana ny antso an-telefonina sy ny gazety *“Allô Junior,* lasy ho an’ny ankizy, sns…)

- ***Miditra ao amin’ny rafitra efa misy***

Mety ho ny Mpiara-mamaky ny Baiboly io, na “Quartier Libre”[96], na AEE, na “Les Flambeaux de l’Evangile" na Fikambanana hafa izay manolotra fiofanana sy tetik’ady.

- ***Manokana fotoana hifankalalana***

Mba hahalalanao misimisy kokoa ny rafitra izay nofidianao dia manokana fotoana hifankafantarana alohan’ny hidirana.

### 3. Ekipa

Matetika dia ilaina ny manana fahasahiana manomboka irery; hiampy eny an-dalana ihany ny mpanampy. Rehefa misy olona nantsoina hanampy amin’ny fikarakarana ody ambavafo, na hitendry zava-maneno, na hanolotra seho, na handray anjara amin’ny tantara fohy, dia mety hahita ny tontolo mahafinaritry ny ankizy izy. Hanana hery manosika tsaratsara kokoa izy hivavaka ho an’io asa io, na hiverina amin’ny manaraka, na hanolo-tena tsikelikely amin’io asa io.

Moa ho raisina daholo ve izay rehetra mazoto sa mila manao sivana? Tena zava-dehibe ny hanajana sy hinoan’ireo izay hanampy anao ao anatin’ny fotoana maharitra ny vinanao. Tsara lavitra ny tsy ampy olona noho ny fisian’ny olona maro nefa tsy ilaina akory! Ny fotoana andrana matetika dia manampy amin’ny fandrai-sana fanapahan-kevitra.

### 4. Toerana

Safidy roa lehibe no misokatra: eny an-kalamanjana sa ao anaty trano. Hanampy anao hisafidy dia indreto fampitahana ny tombontsoa sy ny olan’izy ireo avy.

---

[95] Ny Fikambanana “Le Grain de Blé". Adiresy : Ch. Des Trois-rois 5 bis, 1005 Lausanne, Suisse.

[96] Sampana ao amin’ny JEM izay manao hetsika fanomanana ho amin’ny fitoriana ny Filazantsara sady maka aingam-panahy avy amin’ny fomba fiasan’ny « Metro Ministries ».

***Anaty trano***

| Tombony | Olana |
| --- | --- |
| Manamora ny fihainoana, milamina kokoa. | Takotakona, tsy dia fantatry ny ankizy. |
| Mampahazo aina kokoa: Iatabatra sy seza, rano, trano fivoahana. | Voafetra ny isan'ny ankizy noho ny haben'ny toerana. |
| Tsy miankina amin'ny toetr'andro | Mety handoa hofan-trano. |

***Ivelany***

| Tombony | Olana |
| --- | --- |
| Talaky maso kokoa noho izany mahasa-rika kokoa: ireo saro-kenatra afaka mihaino avy eny alavitra eny. | Mety hisy fanelingelenana ataon'ny mpanakorontana. |
| Manome antoka kokoa ho an'ny ray aman-dreny izay afaka manara-maso ny zanany. | Mila fahazoan-dalana indraindray. |
| Malalaka kokoa, noho izany afaka mandray ankizy maro kokoa. | Tsy dia mampahazo aina noho ireo fitaovana vonjy tavan'andro. |
| Tsy andoavam-bola amin'ny ankapobeny. | Sarotsarotra kokoa ny mampiatra ny fitsipi-pifehezana. |
| Toerana filalaovana mahazatra ny ankizy. | Mety ho foanana noho ny toetr'andro. |

Amin'ny fotoana sasany dia mety eny an-kalamanjana ny asa no atao, avy eo tohizana ao an-trano amin'ny fotoana maha-ratsy ny andro mba tsy hitsaharan'ny asa fanompoana.

**5. Daty sy ora**

Ny fotoam-pialan-tsasatra, ny fety na tsingerin-taona nahaterahana dia mety ho fotoana ahafahana manomboka klioba. Afaka manomana fanentanana mano-kana ho amin'ny fihaonana voalohany, amin'ny fanipa-zana baolina, fahatongavana mpampihomehy, na seho mampiasa saribakoly… Raha atao ao anatin'ny andro maromaro izany dia hisy fifamatorana ary hifampitaona ny ankizy. Misafidiana ora mety amin'ny ankizy. Manaova taratasy fanasana apetaka ao amin'ny kartie misy anareo sy zaraina amin'ny ray aman-dreny sy ny ankizy. Atao mazava tsara ao amin'ny

fanasana ny programa: kilalao, hira, fanaovana asa tanana, tantara avy amin'ny Baiboly, ody ambavafo, ora. Aza hadino ny filazana ny maha-ara-panahy ilay hetsika sy ny fomba ifandraisana amin'ny mpikarakara.

### 6. Programa mifanaraka amin'ny ankizy iasana

Ny fizarana teo aloha dia manolotra sosokevitra ho amin'ny lohahevitra ara-Baiboly samihafa.[97]

***Ny fitoriana Filazantsara sy ny asa fanaovan-tsoa dia mifanindran-dalana tsara***

- ***Ny* fanatanjahan-*tena***

Mety tsara amin'ny ankizy izy ity sady mifanaraka amin'ny soa toavan'ny Filazantsara: fahatokiana, fahafoizan-tena, toe-tsaina ekipa, fanajana fitsipika, sns. Tsara hatrany ny fampifanarahana ireo toetra tsara ireo amin'izay hita amin'ny fiainan'ireo olona ao amin'ny Baiboly toa an'i Daniela, Nehemia, Paoly…

- **Fiarovana *amin'ny zava-mahadomelina sy ny fandikan-dalana***

Fanajana ny tena sy ny hafa, ny famelan-keloka, ny fifampizarana na ny fandehana amin'ny fahitsiana dia manana fototra ara-Baiboly tena lalim-paka. Ny fanindrahindrana ireny soa toavina ireny dia manomana amin'ny fanambarana amin'ny fahafenoany ny Filazantsara. Na ny ray aman-dreny tsy mino aza dia tsy manakana ny fampitana ireo fisainana ireo amin'ny zanany.

- ***Fahadiovana sy fahasalamana***

Any Afrika dia mandeha ho azy ny fampifandraisana ireo fahalalana tsy azo ialana ireo amin'ny fitoriana Filazantsara. Ankasitrahan'ny ray aman-dreny n'inon' inona fivavahana arahiny ity fanabeazana omena maimaimpoana ity. Eto dia mbola tena mahaliana ny fifan-draisana misy amin'ny fahadiovam-piainana sy ny Baiboly.

### Tonga ny fotoana hanombohanao!

Raha nitondra akony tao am-ponareo ity boky ity, aza mangatak'andro intsony manao hetsika! Tsy mila gitara na fanamafisam-peo ianao ho fanombohana. Ny mpianatra dia nankato fotsiny an'i Jesosy tamin'ny fanolorany ny fiainany.

Ny Tompo hitahy sy hampahery ny fanombohana ataonareo. Ny fifaliany dia ny mahita anareo mankato ny baiko lehibe izay nomeny.

Na oviana na oviana ianareo no mandray ankizy amin'ny anarany dia toy ny mandray Azy ianareo.[98] Tena tombotsoa goavana ny miasa ao anatin'ity saha misiona ity.

---

[97] Ny boky mitondra ny lohateny hoe "*C'est vrai: enseignons-le"* (Edisiona LLB) dia manome lesona mifampitohy tsara ho an'ny ankizy hatramin'ny 9 taona. Amidy any amin'ny fivarotam-boky kristiana izy io. Ho an'ireo ankizy kely kosa dia misy ny boky mitondra ny lohateny hoe "*Les racines de la foi"* nosoratan'i Willie Georges Ministries dia manolotra programa feno. Manome sary, saribakoly, sary apetaka amin'ny lamba, asa tanana ao anaty klasera telo misy lesona 17 izy (Filan-kevitra: Mme Paul-Hus, CP 84, Drummonville, J2B 6V6, PQ, Canada).

[98] Ary na zovy na zovy no handray zazakely anankiray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy.(Matio 18.5)

**Taratasy ho an'ny mpamaky**

Ry mpamaky hajaina,

Talanjona hatrany aho ny amin'ny hafanampon' Andriamanitra manoloana ny taranaka vaovao. Eo am-panetsehana miaramila handray an-tanana azy Izy.

Tamin'ny fiarahako niara-niasa tamim-pifaliana tamin' ny olona avy amin'ny toerana maro samihafa dia hitako fa samy nitondra ny loko mampiavaka azy, ny heviny, ny talentany… ny tsirairay. Azoko fitinina toy ny tantely manamboatra ny tantely amin'ny alalan'ny vony isan-karazany ireny traikefa isan-karazany ireny. Ny faniriako dia ny hahatonga ity asa soratra ity ho toy ny voninkazo izay omen'ny Tompo anareo ka anjaranareo ny manovo avy aminy hoentina manao tantely matsiro sy mamelona ho an'ireo ankizy izay iandraiketanareo.

Na inona na inona sakana hosedrainareo dia misy hatrany ny vahaolana. Ny dokam-barotra tsara indrindra ho anareo manoloana ny mpanohitra dia ny fiantrana sy ny fanajana asehonareo amin'ny ankizy. Ao aoriana kely, ny fiovam-piainan'izy ireo dia tsy maintsy hahatonga ny fahefana faratapony hanome lanja ny asanareo. Tsy manana vahaolana manoloana ny herisetra, ny fiparitahan' ny zava-mahadomelina, ny tontakely ary ny sida ny mpitondra antsika. Aza menatra ny Filazantsara fa herin' Andriamanitra ho famonjena izy ary singa hitondra fanovana lalim-paka ho an'ny fiarahamonina misy antsika.

Ny Tompontsika anie hamaly ny vavaka ataonareo ary hanome anareo ny tetik'ady mahomby!

Iray ao amin'ny fanompoana Azy,

Michèle Brugnoli

P.S: Ity asa soratra ity, tahaka ireo iray tarika aminy dia azo atao seminera[99] ho an'ny olon-drehetra. Raha maniry ny hanasa ahy ianareo dia aza misalasala manoratra amiko[100] amin'ny fiheverana manokana ireto sosokevitra roa manaraka ireto:

- Mety ho azonareo atao ve ny manangona kristiana maro araka izay azo atao avy amin'ny faritra misy anareo mba hialana amin'ny famerenana fampianarana amin'ny vondrona hafa, fotoana fohy any aoriana?

- Raha sitrakareo, io fianarana io dia misokatra ho amin'ny hetsika pratika. Afaka mikarakara fihaonana manana tanjona ho fitoriana Filazantsara ihany koa ianareo.

[99] Azo atao ihany koa ny manao fihaonana iray na maromaro mifototra amin'ny lohahevitra avy amin'ity boky ity.
[100] Montolieu 79, 1010 Lausanne, Suisse. E-mail: cbrugnoli@isuisse.com.

*Fonon'ny boky*

Tsotra sady pratika, ity asa soratra ity dia manome fitaovana hitarihana ankizy ho ao amin'Ilay Mpanjakan'ny fiadanana. Hevitra marobe hampanankarena ny programanareo sy fanalahidy hahafahana mampifanaraka ny zavatra atao amin'ny vahoaka miova lasy matetika no ho hitanareo ao. Mampianatra antsika izy ity mba :

Hifehy ny hafatry ny famonjena sy hitarihana ny ankizy ho ao amin'i Kristy.

Hanazava amin'ny alalan'ny fanoharana fohy ny fibebahana, ny hazo fijaliana, ny vavaka…

Hitondra ny lahatsoratra ao amin'ny Baiboly hanakaiky ny zavatra iainan'ny ankizy.

Hamorona tantara.

Hanolotra fampiharana manaitra.

Hamolavola programa feno.

Handrafitra lesona.

Hanangana klioba ho an'ny ankizy.

***Carlo sy Michèle Brugnoli***

Michèle Brugnoli dia miasa ao amin'ny Tanora Mpanefa Iraka miaraka amin'ny vadiny. Misehatra amin'ny fanompoana fitoriana Filazantsara sy fampianarana any Suisse, any France ary any Afrika eo anivon'ny ankizy sy ireo manana andraikitra amin'izany izy.

Nahatonga fisokafana klioba ho an'ny ankizy marobe tany amin'ny toerana izay matetika mbola tsy tratran'ny Filazantsara ny asa nataony.

Ity mpanofana ity dia nampita ny fahaiza-manaony mba hahatonga antsika kosa hanatratra ny taranaka vaovao.